# *TENY FAMPIDIRANA*

“Ny fiangonana no fitaovana notendren’Andriamanitra hilaza ny famonjena amin’ny olona. Nalamina ho amin’ny fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an’izao tontolo izao no asa nanirahana azy. Drafitr’ Andriamanitra hatramin’ny voalohany ny hitarafan’izao tontolo izao ny Fahafenoany sy ny Fahampiany eo amin’ny fiangonana. Ny mambran’ny fiangonana, dia ireo izay nantsoiny hiala tamin’ny haizina ho amin’ny fahazavany mahagaga, dia natao haneho miharihary ny Voninahiny”. – *Vavolombelona Mahery, pejy 11*

“Ny voninah’ Andriamanitra, ny toetrany dia nasehony tamin’ny fahafenoany tamin’ny nanirahany ny Zanany Malalany mba hanavotra antsika eo ambany fanozonan’ny fahotana. Tamin’izany no nanehoany ny fitiavany antsika. Amin’izao fotoana izao dia nankinina tamin’ny fiangonana ny fampitana izany fitiavana izany amin’izao tontolo izao tsy mahalala. Amin’ny alalan’ny mambra izay nandray ny haha-pamonjena ary voaovan’izany, no handraisan’izao tontolo izao ny fanehoana ny toetran’ Andriamanitra feno fitiavana. Kanefa mba hahafahantsika mampita izany fitiavana izany dia tsy maintsy tsapantsika tsara aloha izany. Izany lesona mifandimby izany no mandrafitra voalohany ny antom-pisiana sy iraka ampanaovina ny fiangonana mandritra ny taonjato mifandimby ary mamehy ny anton’ny hitoriana filazantsara. Ary io noho izany no ivo ipetrahan’ny hafatry ny filazantsara: - Kristy ary Izy voahombo. “Kritsy nihantona teo ammin’ny hazofijaliana no filazantsara. Manana hafatra isika ankehitriny, ‘Indro ny Zanak’ Ondrin’ Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao’ ( Jaona 1: 29). Tsy hampifantoka ny fijeriny eo amin’ eo amin’ Ilay Mpamonjy voafantsika sy nitsangana tamin’ny maty ve ireo mambrantsika? Eo aminy ny fanantenan’izy ireo ny fiainana mandrakizay no mifantoka. Izany no hafatra entintsika, fandresen-dahatra ataontsika, fotopinoantsika, fampitandremana atao amin’ireo tsy mibebaka, fampaherezana ho an’ireo malahelo, fanantenana ho an’ ny mpino tsirairay avy. Raha azontsika atao ny mamoha ny fahalianan’ ny sain’ny olona mba hampifantoka ny fijeriny eo amin’ i Kristy, dia afaka miala isika, ka mangataka aminy mba hanohy hampifantoka ny fijeriny eo amin’ Ilay Zanak’Ondrin’Andriamanitra irery ihany.” (The SDABC EGW Comments, vol 6, p. 1113).

“ Ny andraikitra amin’ny hafatra entitsika dia tokony ho ny fiainana sy ny iraka nataon’i Kristy. Aoka ho eo no hipetrahan’ny fanetren-tena, fandavana ny izaho, ny hatsaram-panahy, fietren’i Kristy, ka hahatonga ny avonavona sy ny fiheverana hahavita tena hahita ny fahasamihafana eo amin’izy ireo sy Ilay Ohatra ka hampanetry tena azy ireo.”—The Review and herald, 11 septembre 1888.

Ny fivavahana ataonay dia enga anie ireo lesona ireo hahatonga antsika hahatsapa fitiavana kai zany fitiavana izany no hanery antsika hizara ity hafatra ity amin’izao tontolo izao.

**Ny Departemantan’ny Sekoly Sabata ao amin’ny Foibe Maneran-tany**

# Hananganana toeram-pivavahana iray ao Kolomyia, Ukraine.

Ukraine dia firenena iray ao antsinanan'i Eoropa, izay hodidian'i Rosia amin'ny ilany antsinanana sy andrefana, ary Belarus amin'ny avaratra, ary Poland sy Slovakia amin'ny andrefana, Hungary, Romania, Moldavia kosa no any amin'ny sisiny atsimo antsinanana. Ny ranomasina mainty sy ny ranomasina Azov kosa no any atsimo sy atsimo atsinanana. I Kolomya kosa dia ao amin'ny faritra Ivano-Frankivsk no misy azy, sisintany kely mahafinaritra iray ao Ukraine. Ireo tendrombohitra mahafinaritra, tanety maitso mavana, renirano madio, ary ireo loharanao voajanahary dia tena manintona mpizahatany tokoa, avy any Ukraine ka hatramin'ireo firenena Eropeana manodidina.

Tamin'ny 1940 no nanomboka taty ny Fihetseham-panavaozana. Tamin'ny faritra maro no nanehoan'ireo mpanavao fivavahana ny fahazavan'ny hafatry ny anjely fahatelo tamin'ny tenin'izy ireo sy ny fiainany. Tamin'ny andron'ny kaominista no nisian'izany asa izany. Tamin'ny 1990 dia nanomboka nanao fivoriam-bavaka isaky ny Sabata tao amin'ny tranona rahalahy iray ireo mpino tao Kolomya. Io rahalahy io izay nandray tamim-pifaliana ny hafatry ny fanavaozana ka nanome izany trano izany ho amin'ny asan'Andriamanitra. Tany amin'ny faritany sy tanàna hafa dia nanao fitoriana filazantsara sy fitsaboana misionera ho an'ny vahoaka izahay. Nifandimby ny taona, ary nahazo valimbavaka vokatry ny fitalahoana amim-pahamatorana ny hisian'ny fifohazana ilay vondrona kelin'ny mpino. Misy mpamangy vaovao tonga mivavaka, ary vao taona vitsy lasa izay dia nisy fianakaviana anankiroa miaraka amin'ny zanany avy nanampy ny fiangonantsika ao amin'io tanàna io. Mbola ao amin'io efitra tokana io ihany anefa no atao ny fivoriam-bavaka.

Nanao antom-bavaka mba hahazo toeram-pivavahana amin'ny Sabata sy amin'ny fotoana hafa ireo rahalahintsika. Ary manao fizarana trakta sy asa fampielezam-boky matetika amin'ireo tanàna manodidina ireo mpiray fanantenana amintsika ireo. Amin'ny maha mpiasa eo amin'ny sahan'ny Tompo, dia feno fifaliana sy fahazotoana izy ireo ary manantena fa hitondra fanahy vaovao Andriamanitra. Mivavaka sy vonona hanao sorona ho amin'izany ireo mambra tsirairay avy ao amin'io fiangonana kely io. Tsy ampy anefa izany. Izany indrindra no mahatonga anay mangataka amin'ireo rahalahy sy anabavy manerantany mba hanampy anay.

Vavaka sy fanantenanay ny mba hikasihan'Andriamanitra ny fonareo mba ho faly hanolotra amim-pitiavana hanohanana io tetik'asa io mba hahatonga anay hanana tsangam-bato ho an' Ilay Andriamanitra Velona. Misaotra anareo izahay noho ny vavaka ataonareo sy ny fanampianareo ary mangataka aminareo izahay mba hahatsiaro ny asa aty Kolomya.

Ireo rahalahinareo sy anabavinareo aty Kolomyia.

# NY FIANGONAN' ANDRIAMANITRA NANDRITRY NY VANIM-POTOANA NIFANDIMBY

**"Izao no lazain'i Jehovah, … Mihainoa ny feoko, ary mankatoava ireny (tenin' izao fanekena izao) araka izay rehetra andidiako anareo, dia ho oloko hianareo, ary Izaho kosa ho Andriamanitrareo." (Jeremia 11: 3, 4).**

"Nanana fiangonana isaky ny vanim-potoana nifandimby i Kristy."
--The SDA Bible Commentary of EGWhite, vol. 6, p. 1079

***Vakiteny atolotra hovakiana:*** Testimonies, vol. 3, p. 428-433

*Alahady 27 Martsa*

1. **FIANGONAN' ANDRIAMANITRA – IREO MAHATOKY**

**a. Nanana inona moa Andriamanitra isaky ny vanim-potoana nifandimby? Ary inona no niantsoany azy ireo? Asa 2: 47; Jeremia 7: 23; Romana 9: 26. Inona no porofon'ny fitiavantsika an' Andriamanitra? Jaona 14: 15**

"Nanana fiangonana isaky ny vanim-potoana Kristy. Ary ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra no manome zo antsika hanana tombotsoa amin'izany fiangonana izany… raha mampifanaraka ny fiainantsika amin'ireo fepetra nataon' Andriamanitra isika, dia manamafy ny fifidianana antsika ho amin'ny famonjena. Ny fankatoavantsika tsy misy tomika ireo didin' Andriamanitra no porofo fa tia an' Andriamanitra isika."— *The review and Herald, July 17, 1900*

"Hatrany am-piandohana dia ireo fanahy mahatoky no nandrafitra ny fiangonan' Andriamanitra teto an-tany. Isaky ny vanim-potoana nifandimby dia nanana ireo mpitiliny ny Tompo, izay vavolombelona mahatoky tamin'ny taranaka izay niainan'izy ireo avy."— *Vavolombelona Mahery, pejy. 13*

**b. Na dia toa malemy aza ny fijery ny fiangonana eto an-tany, dia manao ahoana no fijerin' Andriamanitra azy? Eksodosy 19: 5; 1 Petera 2: 9**

"Na dia osa sy marefo aza no fijery azy, dia eo amin'ny fiangonana no tokana ametrahan' Andriamanitra, amin'ny fomba manokana, ny fijeriny ambony indrindra. Io fiangonana io no sehatra hisehoan' ny fahasoavany sy tiany hanehoana ny heriny manova ny fo." *Vavolombelona Mahery, pejy. 13*

**2. FIANGONANAN' ANDRIAMANITRA TALOHAN' NY SAFODRANO**

**a. Iza no nitana ny fiankohofana amin' Ilay Andriamanitra marina tamin' ireo taranak' I Adama? Genesisy 4: 25, 26**

"Nomena zanakalahy hafa i Adama mba ho mpandova ny teny fikasan' Andriamanitra momba ny fizokiana ara-panahy. Ny anarany dia natao hoe Seta, izany hoe , raha adika "solo", "mpandimby", satria "Andriamanitra hoy 'Eva', efa nanome ahy zanaka anankiray koa ho solon'i Abela, satria novonoin'i Kaina izy"(Genesisy 4: 25) Miendrik' andriana kokoa noho I Kaina sy Abela i Seta ary nanam-pitoviana betsaka tamin'i Adama rainy noho iretsy rahalahiny. Teo amin'ny lafiny ara-panahy dia nanaraka ny dian'i Abela izy. Tsy midika anefa izany fa nandova natiora tsara kokoa noho noho ny an'i Kaina izy. … Voaforona araka ny endrik' Andriamanitra i Adama, tsy nisy ota. Fa i Seta kosa, tahaka an' i Kaina ihany dia nandova natiora efa lavo avy tamin' ireo ray amam'dreniny. Kanefa nandray ny fahalalana ny Mpamonjy sy ny torolalana ho amin'ny fahamarinana izy. Nanompo sy nanome voninahitra an' Andriamanitra teo ambany fahasoavany izy; ary tahaka an' i Abela, raha velona teo izy, dia niasa mba hamerina ny sain'ny olombelona feno ota mba hanaja sy hankato ny Mpamorona azy ireo…. **–** *Patriarches et prophètes, p. 80*

"Nanompo an' Andriamanitra foana ireo mahatoky taloha, kanefa rehefa nitombo ny isan' ny olona, dia lasa mora hita ny fahasamihafana teo amin'ireo kilasy anankiroa. Nisy fanehoana fahatokiana ampahibemaso teo amin'ny andaniny ary fanaovana tsinontsinona sy tsy fankatoavana kosa no nasehon' ny ankilany."

**–** *Patriarches et prophètes, p. 80*

**b. Nanaraka ny ohatra navelan' i Abela, dia inona no fanantenana ho an' ireo tarank' i Seta malala? Hebreo 11: 13, 16. Inona matetika no ilaina mba hitehirizana ny finonan' ireo zanak' Andriamanitra? 2 Korintiana 6: 17, 18**

"Nanoka-tena ho amin'ny fiandrasana ondry i Abela, nipetraka sy nonina anday izy, ary nanaraka izany ohatra izany ihany koa ireo taranak' i Seta ka nanaiky fa mpandalo sy mpivahiny ihany ety ambonin' ny tany, 'nitady izay tany tsara lavitra, di any an-danitra."

"Nandritra ny fotoana ela dia tsy naira-nonina ireo antoko roa ireo. Ny taranak' i Kaina dia nihoatra ny faritany ka nipariaka nameno ny saha sy tany lemaka nonenan' ny taranak' i Seta. Taty aoriana, mba hialana amin' ny hery miasa mangiana ratsy avy amin' iretsy farany dia nikisaka nakany an-tendrombohitra izy ireo ka nonina tany. Arakaraka ny fahaelan' izany fisarahana izany no nihazonan'izy ireo ny fanompoana an' Andriamanitra tao amin' ny fahadiovany" **–** *Patriarches et prophètes, p. 81*

### 3. NY FIANGONAN' ANDRIAMANITRA TAORIAN' NY SAFODRANO

**a. Iza tamin'ireo zanak' i Noa anankitelo no nitazona ny fanompoana an' Andriamanitra marina? Genesisy 9: 18- 27. Iza tamin' ny taranak' i Sema indray no nantsoina hitahiry ny fitsipiky ny tena fivavahana marina rehefa lasa niparitaka be ny fanompoan-tsampy? Genesisy 12: 1- 3**

"Rehefa niparitaka niala tao Babela ny olona, dia nanenika ny tany koa ny fanompoan-tsampy. Navelan' Andriamanitra hanaraka ny lalan-dratsiny ireo mpanota mafy fo nony farany, fa nifidy anankiray tamin' ny taranak' i Sema kosa Izy, dia Abràma, mba hitahiry ny didiny ho amin' ny taranaka mandimby. Teo afovoan' ny fanompoan-tsampy sy ny finoanoam-poana no nitomboan' i Abràma. Ny fianakaviandrainy aza, izay nitahiry ny fahalalana an' Andriamanitra, dia efa nanomboka azon'ny hery mandrendrika izay nanodidina azy ka 'nanompo andriamani-kafa'. Ary satria tsy tokony ho levona ny finoana marina, dia nanomana sisa mandrakariva Andriamanitra mba hanompo Azy. I Adama, Seta, Enoka, Metosela, Noa, Sema, dia nifampitohy tsy nisy tapaka nitahiry ny fanambarana ny Sitrapony sarobidy nandritra ny vanimpotoana nifandimby. Lasa mpandova izany fahatokiana masina izany ny zanakalahin'i Tera. Niezaka nanantratra azy tamin'ny fomba rehetra ny fanompoan-tsampy kanefa tsy nahavanona. Fahatokiana teo anivon' ireo tsy mino, fijoroana tao anatin' ny fihemorana mahasarika mafy, niijoro mafy tamin' ny fanompoana an' Ilay Andriamanitra tokana sady marina izy. 'Jehovah dia eo akaikin' izay miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa'(Salamo 145: 18). Nifandray tamin' i Abrahama Izy ka nanome azy ny fahalalana manokana izay takian' ny lalàny sy ny famonjena izay ho tanterahana amin'ny alalan' i Kristy."-- *Patriarches et prophètes, p. 125*

**b. Firenen' iza avy amin' ny taranak'i Abrahama no lasa fiangonan' Andriamanitra nandritra ny taonjato maro mandrapaha-tongan' i Jesosy Kristy? Deotoromia 7: 6-8; Asan'ny Apostoly 7: 38**

"Nofidin' Andriamanitra mba haneho ny toetrany amin' ny olona ny Isiraely. Niriany ny hahatonga azy ireo ho fanovozam-pamonjena teo amin' izao tontolo izao. Teo amin' izy ireo no napetraka fahamarinan' ny lanitra, ny fanambarana ny Sitrapon' Andriamanitra. Tamin' ny fiantombohan' ny Isiraely dia efa very teo amin' ireo firenena rehetra ny fahafantarana an' Andriamanitra noho ny fanao feno fahalovana teo amin' izy ireo. …na izany aza anefa dia tsy nofoanan' Andriamanitra avy hatrany izy ireo. Nomeny fahafahana mbola hahafantatra sy hifandray Aminy izy ireo tamin' ny alalan' ireo vahoaka nofidiany." – *The Acts of The Apostles, p. 14*

**4. FIANGONAN' ANDRIAMANITRA TAMIN' NY TESTAMENTA VAOVAO**

**a. Noho ny fihemorana sy fandavan' izy ireo an' i Kristy dia inona ny fitsarana navalin' Andriamanitra ny fiangonana jiosy? Matio 21: 42-45; 23: 37, 38**

"Very ny fifandraisan' ny Isiraely tamin' Andriamanitra amin' ny maha firenena azy noho ny tsy finoany sy ny fandàvany ny fikasan' ny lanitra." – *The Acts of The Apostles, p. 377.*

"Nisaraka tamin' Andriamanitra anefa ny Isiraely amin' ny maha-firenena azy. Noesorina ny sampan tena izy teo amin' ny hazo Oliva. Nanopy maso farany tao amin' ny tempoly Jesosy ka niteny tamin' alahelo sy fitarainana mafy indrindra hoe: 'Indro avela ho lao ny tranonareo ho anareo'(Matio 23: 38)…hatramin' izay dia nantsoiny hoe tranon' ny Rainy ny tempoly; kanefa ankehitriny kosa, raha nandalo ireo rindrina ireo hivoaka any ivelany ny Zanak' Andriamanitra, dia niala mandrakizay tamin' ny tempoly natsangana ho voninahiny ny fanatreha' Andriamanitra." – *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 663.*

**b. Inona no fahamarinana sarobidy azontsika hianarana avy amin' ny fandavana ny fiangonana jiosy? 2 Tantara 15: 2 ; Jeremia 18: 7-10**

"Tsy misy ao amin' ny tenin' Andriamanitra ny hoe voafidy tsy misy fepetra izany—indray mandeha ao amin' ny fahasoavana, isan' andro ao amin' ny fahasoavana." – *The Faith I live by, p. 157.*

"Ny teny fikasan' Andriamanitra rehetra dia miorina eo ambony fepetra avokoa ." – *The Faith I live by, p. 47*

"Rehefa misy fiangonana iray maneho tsy fahatokiana amin' ny asan' ny Tompo, na manao ahoana na manao ahoan toerana misy azy, na manao ahoana na manao ahoana fahamboniana sy fahamasinan' ny fiantsonana azy, dia tsy afaka hiaraka hiasa amin' izy ireo intsony ny Tompo. Hisy olona hafa avy eo hitondra andraikitra sarobidy." – *The Upward look, p. 131*

**c. Fiangonana inona no nitsangana naka ny toeran' ny fiangonana jiosy? 1 Petera 2: 5- 10; Romana 11: 20; Asan' ny Apostoly 11: 26**

"Tsy nahatratra ny fikasan' Andriamanitra min' ny mahavahoaka azy ny jiosy ka nesorina taminy ny saha. Ny tombotsoa izay naohararaotin' izy ireo sy ny asa izay nataon' izy ireo tsinontsinon dia nomena ho an' ny hafa." – *Christ Obejct Lessons, p. 296*

**5. NAHAZO NY FIANGONANA NY FANOMPOAN-TSAMPY**

**a. Taorian' ny fahafatesan' ireo Apostoly dia inona ny zava-nitranga nampalahelo izy nolalovan' ireo nilaza azy ho kristiana? 2 Tesaloniana 2: 3- 8**

"Io fifanandrinana teo amin' ny fanompoan-tsampy sy ny fivavahana Kristiana io dia nampiroborobo ilay 'lehilahin' ota' voalazan' ny famianiana fa manohitra an' Andriamanitra sy manandratra ny tenany ho amboniny. Izany rafitra goavana momba ny fivavahana diso izany dia sangan' asan' ny herin' I Satana—tsangambaton' ny ezaka nataony mba hametrahany ny tenany ho eo amin' ny seza fiandrianana ka ahazoany hifehy ny tany araka ny sitrapony."-- *Hery MIfanadrina, p. 50*

**b. Ahoana no nandresen' i Satana ny fiangonana ka nahatonga azy ho tratran' ny faharatsiana sy fahalovana? Jakoba 4: 4; 1 Jaona 2: 15; Amosa 3: 3**

"Niezaka izao ilay fahavalo lehibe ny hahazo amin'ny hafetsena izay tsy azony tamin' ny hery. Nijanona ny fanenjehana ary ireo fitaomana mampidi-doza asehon' ny fahombiazana ara-nofo sy ny voninahitra eo amin' izao tontolo izao no nasolo haka toerana….Nilaza ho manaiky an' i Jesosy ho zanak' Andriamanitra ireo mpanompo sampy…nefa tsy voatsindrona tam-pony ny amin'ny fahotany izy ary tsy nahatsapa fa mila fibebahana na fiovam-po…

'Nony farany dia nanaiky hampidina ny fanevany ny ankabeazan' ny kristiana, ka nisy firaisana teo amin' ny fivavahana kristiana sy ny fanompoan-tsampy….Nisy fampianarana tsy madio, fombafomba avy amin' ny finoanoam-poana sy ireo fanompoam-pivavahana fanompoan-tsampy nampidirina tao amin' ny finoana sy ny fivavahana kristiana. Rehefa niray tamin' ny mpanompo sampy ireo mpanaraka an' i Kristy, dia nanjary simba ny fivavahana kristiana ka very ny fahadiovan' ny fiangonana sy ny heriny." --- *Hery MIfanadrina, p. 42, 43*

***Zoma 01 Aprily*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Araka ny hita ao amin' ny Baiboly dia inona no hamolavolana ny fiangonan' Andriamanitra eto an- tany?
2. Na dia samy nandova natiora feno ota aza i Seta sy Kaina dia inona no nampiavaka an' i Seta?
3. Nanao ahoana no nahatonga ny finoan' i Abrahama ho tonga fitahiana ho an' ireo manodidina azy?
4. Inona no loza mananontanona ny fiangonan' Andriamanitra ka mety hahatonga azy hahavery ny fifandraisany amin' Andriamanitra?
5. Ahoana no fomba ahafahan' ny fiangonana misoroka ny fihemorana sy ny fahalovana ?

# FIANGONAN' ANDRIAMANITRA AMIN' NY ANDRO FARANY

**"Dia tezitra tamin' ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin' ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy mitana ny filazana an' i Jesosy." (Apokalypsy 12: 17).**

"Na dia efa hila tsy ho hita intsony eo amin' izao tontolo izao aza ny lalàn' Andriamanitra, dia hisy 'sisa' avy amin' ireo olo-marina hankato ny fangatahan' Andriamanitra"--The Signs of the Times, April 22, 1889

***Vakiteny atolotra hovakiana:*** Testimonies to ministers, p. 45 – 62.

*Alahady* *3 Aprily*

**1. ILAY FIANGONANA NANAO FANAVAOZANA**

**a. Manao ahoana ny fijerin' Andriamanitra ny firaisanan' ny kristianisma sy ny fivavahana jentilisa? Eksodosy 20: 4; Ezekiela 23: 37.**

"Ny firaisana akaiky sy masina misy eo amin' Andriamanitra sy ny vahoakany dia oharina tahaka ny endriky ny fanambadiana. Ny fanompoan-tsampy dia fijangajangana ara-panahy ary ny tsy fankasitrahan' Andriamanitra izany dia nantsoiny mazava tsara hoe fahasaro-piaro."*—Patriarchs and Prophets, p. 306*

**b. Rehefa tsy nety tonga teo amin' ny fibebahana ireo mpitarika ilay fiangonana nihemotra (Apokalypsy 2: 21) dia inona no foto-kevitra narahan' ireo mambra mahatoky? 2 Korintiana 6: 17; Lioka 6: 22**

"Rehefa nitory ny tenin' Andriamanitra ireo Mpanavao Fivavahana, dia tsy nihevitra mihitsy ny hisaraka amin' izay fiangonana efa voaorina; tsy zakan' ireo mpitarika fivavahana anefa ny fahazavana ka voatery nitady antokon' olona hafa ireo izay nitondra izany, dia antokon' olona naniry mafy ny fahamarinana." *Ilay Fitiavana Mandresy, pejy. 232*

"Rehefa niady ela sy mafy ireo vitsy nijanona ho mahatoky, dia nanapa-kevitra fa hanapaka ny firaisana amin' ny fiangonana mihemotra raha toa mbola mandà ny tsy hiala amin' ny fampianaran-diso sy ny fanompoan-tsampy izy." *Hery Mifanandrina, pejy. 45 (dikan-teny nohavaozina, jereo ny original)*

**2. ILAY FIANGONANA NANAO FANAVAOZANA (TOHINY)**

**a. Ahoana no nanaovan' ilay fiangonana mihemotra an' ireo Mpanao Fanavaozana izay tsy nety nanohana ny fanao ratsin' izy ireo? Apokalypsy 12: 13, 15. Nandritra ny hafiriana io fihetsika io? Andininy 6, 14.**

"Tafatsangana ary mafy orina tsara ny fahefana papaly tamin' ny taonjato fahaenina. Tao amin' ny tanànan' ny emperora no notendrena hisy ny foiben' ny fanjakany, ary ilay evekan' i Roma no nekena ho lohan' ny fiangonana manontolo. Nanome toerana ny fahefana papaly ny fivavahana jentilisa. Nomen' ilay dragona an' ilay bibidia 'ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe'(Apokalypsy 13: 2). Manomboka izao ny fampahoriana 1260 taona voalazan' i Daniela sy ny Apokalyspy (Daniela 7: 25; Apokalypsy 13: 5-7). Voatery nisafidy ireo kristiana na hampilefitra ny toetrany mahatoky ka hanaiky ireo fomba sy fanompoam-pivavahana papaly na hitarika ny fiainany any am-ponja, hiaritra fahafatesana, hosamahana amin' ny kodiarana na hodorana, na tapahan-doha. Tanteraka izany ny tenin' i Jesôsy manao hoe: "Ary hatolotry ny ray sy ny reny sy ny rahalahy ary ny havana aman-tsakaiza hianareo, ka ny sasany aminareo dia hovonoiny. Ary ho halan' ny olona rehetra ianareo noho ny anarako"(Lioka 21: 16, 17) Nibosesika nihamasiaka tamin'ireo olona mahatoky ny fanenjehana, mihoatra noho ny tamin' ny lasa rehetra tany nandritra ny taon-jato maro dia nitokana sy niafina ny fiangonana mba hahitany sy fialofana." **–** *Hery mifanandrina, p .54, 55*

**b. Nanao ahona no nahafahan' ny fiangoanan'Andriamanitra marina niverina nandrina ny fanenjehana tamin' ireo taon-jato maizina? Apokalypsy 12: 16. Inona no fetraikan' io fisedrana io tamin' ireo mpino? Romana 5: 3, 4**

"Nohitrikitrihan' ny Romanista ny fiampangany ny protestanta ho mitana ny finoana tsy araky ny hevitry ny maro ( Herezia) sy ny fiampangany azy ho minia misaraka amin' ny fiangonana marina. Nefa aminy ihany no miantefa ireo fiampangana ireo. Izy ireo no nandao ny fanevan' i Kristy ka niala tamin' ny finoana izay efa voatolotra indray mandeha monja ( Joda 3). " *Hery mifanandrina, p .51*

"Nandritra ireo andron' ny fahamaizinana sy ny fihemorana, dia nisy Vaudois izay nandà ny fahefan' ny Roma faratampony sy nitsipaka ny fihankohofana tamin' ny sary izay nataon' izy ireo ho fanompoan-tsampy ary nitandrina ny Sabata marina…

Tany ambadik' ireo fiarovana avo any an-tendrombohitra izay fialofana hatrizay ho an' ireo nenjehina sy nampahoriana, no nahitan' ireo Vaudois toerana niafenana. Tao no voatahiry hirehitra hatrany ny fahazava' ny fahamarinana teo anivon' ny haizina tamin' ny Andro Antenantenany. Tao no nitazon' ireo vavolombelon' ny fahamarinana ny finoana hatrizay, nandritry ny arivo taona." **–** *Hery mifanandrina, p .65, 66*

## 3. LASA BABYLONA ILAY FIANGONANA NANAO FANAVAOZANA

**a. Inona no nolazain' i Jesosy fa hitranga amin' ilay fiangonana nanao fanavaozana mandritra ny fotoana fanenjehana? Nahoana? Matio 24: 21, 22**

"Tsy nitohy lalandava nandritry ny 1260 taona tsy akory ny fanenjehana ny fiangonana. Nohon' ny famindram-pon' Andriamanitra tamin' ny olony dia nohafoheziny ny fotoam-pitsapana nahamay niaretany … Nohon' ny asa mangina nataon' ny Reformationa dia niafara talohan' ny 1798 ny fanenjehana "-- *Hery mifanandrina, p .276, 277*

**b. Inona ny faminaniana nanomboka tanteraka tao aorian' ny fiarafan' ny Vanim-potoana Maizina?Ary inona ny zavatra nitranga tany an-danitra izany nambara tamin' ny alalan' ny fitoriana Filazantsara?Apokalypsy 14: 6, 7**

"Voalaza mialoha ao amin' ny faminaina entiny hafatry ny anjely voalohany ao amin' ny Apokalypsy 14 fa hisy fifohazana lehibe ara-pivavahana rehefa toriana ny fihavian' i Kristy sy ho ela. Nisy anjely tazana nanidina 'teo afovoan' ny lanitra, nanana ny filazantsara mandrakizay ho toriana amin' izay monina ambonin' ny tany'.

Nitory ny hafatra tamin' ny 'feo mahery' hoe : " Matahora an' Andrimanitra ka omeo voninahitra Izy fa tonga ny andro fitsarany : ary miankohofa eo anoloan' izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano!" Andininy 6,7. *Hery mifanandrina, p .369*

**c. Inona no navalin' ilay fiangonana nanao Fanavaozana ny hafatry ny anjely voalohany ary inona no fiantraikan' izany tamin' ny fijerin' Andriamanitra azy? Apokalypsy 14 : 8**

" Rehefa nanosika ny torohevitr' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fandavany ny hafatra Advantista ireo fiangonana dia nolavin' ny Tompo koa izy ireo. Narahin' ny anjely faharoa ilay volahohany, izay nanambara hoe : 'Rava! rava Babylona lehibe! Izay nampisotro ny firenena rehetra ny divain' ny fahatezerana noho ny fijangajangana' ( Apokalypsy 14 : 8). Azon' ireo Advantista tsara fa io hafatra io dia fanehoana ny fitotonganana ara-panahin' ireo fiangonana vokatry ny fandavan' izy ireo ny hafatra voalohany . Ny fanambarana hoe : ' Rava i babylona ' , dia nomena tamin' ny fahavaratry ny 1844, ary ny vokany, dia nisy olona 50 000 niala tamin' ny fiangonana nisy azy ireo." _ The *Spirit of Prophecie, vol.4, p.232*

4. **ILAY FIANGONANA SISA**

a. **Taorian' ny fahalavoan' ireo fiangonana Protestanta dia fiangonana inona no natsangan' Andriamanitra mba hanao asa manokana ho famerenana amin' ny laoniny? Isaia 58: 8-14.**

"(Isaia 61: 4; 58: 12) Milaza ny amin' ilay vahoaka hiezaka hamerina amin' ny laoniny indray ireo fitsipika fototry ny fanjakan' ny lanitra eto ny mpampinany, - dia amin' ny fotoana handaozan' ny ankabeazan' ny olona ny fahamarinana sy ny fahitsina ho mpamboatra ny rava ao amin' ny lalàn' Andrimanitra izy,- dia lalàna izay toy ny manda napetraka manodidina ny olom-boafidiny hiaro azy. Ny fankatoavana ireo fitsipi-pahamarinana sy fahadiovana ireo no ho fiaraovana mandrakizay ho azy ireo. " – *Mpaminany sy Mpanjaka p.554*

"(Isaia 58: 12) Eto ny mpampinany dia miresaka momban' ny fanovana natao tamin' ny lalàn' Andriamanitra tamin' ny fandaozana ny Sabatan' ny didy faha efatra. Io fitsipika io dia noravan' ilay lehilahin' ota; ary ireo milaza azy ho kristiana eto amin' izao tontolo izao dia manaiky ny andro izay nasolon' ny Sabata nohamasin' ny Tompo. Moa ve ho anisan' ireo hamboatra ny rava izay natao tamin' ny lalàn' Andriamanitra isika? Sa ho anisan' ireo handray ny mariky ny bibidia, amin' ny fankatoavantsika izay natsangan' olombelona mihoatra noho ny natsangan' Andriamanitra, ka lasa manabe voho an' ireo zanaky ny fahefana papaly? "– *The Signs of the Times, February 28, 1878*

b. **Faminaniana inona ao amin' ny bokin' ny Apokalypsy no mitovy amin' ny faminaina'i Isaia 58 : 8-14 ? Apokalypsy 14: 9-12**

"Niantso ny fiangonany tamin' izany andro izany tahaky ny niantsoany ny Isiraely fahiny Andriamanitra mba hijoro ho fahazavana eto an-tany. Tamin' ny alalan' ny fanagorobahana mahery vaikan' ny fahamarinana, sy ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa, fahatelo dia nosarahan' Andriamanitra tamin' ireo fiangonana sy tamin' izao tontolo izao izy ireo ka napetrany teo akaikin' ny Tenany." Notendreny ho mpitahiry ny lalàny izy ireo ary nampitondrainy azy ireo ny fahamarinana lehibe momban' ny faminaniana tamin' izany fotoana izany. Tahaka ny asa masina izay nampadraiketina ny Isiraely fahiny, dia izany koa no iraka masina nomena hampitaina amin' izao tontolo izao. Ny anjely telo ao amin' ny Apokalypsy 14 dia maneho ny vahoaka izay manaiky ny fahazavan' ny hafatra avy amin' Andriamanitra ka mandeha ho toy ny irany… Tsy misy na inona na inona tokony hanakana izany asa izany. Izany no asa lehibe indrindra amin' izao fotoana izao; natao hihitatra hatrany am-parany izany. Ny fitiavana izay nasehon' i Jesosy tamin' ny olona tamin' ny alalan' ny sorona izay nataony hamonjena azy ireo dia tokony hanetsika an' ireo mpanaraka Azy."- *Testimonies vol.5, p.455-456*

**5. MAMANTATRA NY TOETOETRAN' NY FIANGONANA SISA**

**a. Inona no iantsoan' ny Baiboly an' ireo nanatanteraka ny faminaniana tamin' ny famerenana amin'ny laoniny sy ny fitoriana ny hafatry ny anjely telo? Apokalypsy 12: 17 (Tapany voalohany. Jereo ny dikan-teny Frantsay na Anglisy izay milaza hoe : Reste de ses enfants na remnant of her seed izay midika hoe " sisa avy amin'ireo zanany fa tsy hoe zanany sisa)**

"Haverina amin' ny laoniny daholo ny lalàn' Andriamanitra amin' ny andro farany. Tsy maintsy amboarina ny rava amin' ny lalàn' Andriamanitra, di any andro Sabata izay novain' olombelona. Ireo vahoakan' Andriamanitra sisa izay hijoro ho toy ny mpanao fanavaozana eto amin' izao tontolo izao dia natao hampiseho fa ny lalàn' Andriamanitra no fototra hijoron'ny fanavaozana maharitra rehetra ary ny Sabatan' ny didy faha efatra dia mijoro ho fahatsiarovana ny famoronana, fampahatsiahivana ny herin' Andriamanitra tsy miova. Amin' ny teny tsotra dia izy io no hampiseho ny antony ilàna ny ankatoavana ny fitsipika rehetra ao amin' ny didy folo. Ny fitiavan' i Kristy no manery ny vahoakany "hanangana ny efa rava ela, hamboatra ny rava, hamelon-dalàna honenana amin' ny tany"—*Prophets and kings, p. 678*

**b. Inona no zava-dehibe anankiroa mampiavaka ny vahoakan' Andriamanitra ' sisa' amin' izao andro farany izao? Apokalypsy 12 : 17 tapany farany**

" Io faminaniana io dia manondro mazava tsara fa ny fiangonana sisa dia hanaiky an' Andriamanitra ao amin' ny lalàny sy hanana ny fanomezam-pahasoavan' ny faminaniana. Ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra sy ny fanahin' ny faminaniana dia nampiavaka mandrakariva ny tena vahoakan' Andriamanitra marina, ary amin' ny ankapobeny dia hita ao amin' ireo fanehoana ankehitriny ny fisedrana izany."- Loma Linda Messages, p. 33

***Zoma 8 Aprily*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Na dia ao anatin' ny maha-kristiana antsika aza, dia ahoana no mety hahatonga antsika ho meloka amin' ny fijangajangana ara-panahy?
2. Rehefa amin' ny toe-javatra manao ahoana no mampety sy tsy mampety ny fisarahana amin' ny fiangonan' Andriamanitra voalamina?
3. Nandritra ny vanim-potoana maizina tamin' ny taonjato antenantenany dia iza no nisaraka tamin' ny fiangonana marina? Hazavao ny valinteninao.
4. Hazavao hoe inona no atao hoe mpamboatra ny rava eo amin' ny lalàn' Andriamanitra?
5. Manomeza famantarana vitsivitsy mampiavaka ny fiangonana sisa amin' ny andro farany.

# NY FIKASAN' ANDRIAMANITRA HO AN' NY FIANGONANY

**"Ary ny hampahazava ny olona rehetra mba hahalany izay fitondrana ny zava-miafina... Mba hampahafantarina ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra amin' izao ankehitriny izao ny mahamaro samihafa ny fahendren' Andriamanitra amin' ny fitondrany ny fiangonana, araka ny fikasana hatrizay hatrizay izay nataony tao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika" (Efesiana 3: 9 - 11).**

" Ny fiangonana no nametrahana ny haren' ny fahasoavan' i Kristy; ary amin' ny alalan' ny fiangonana no hanehoana… farany sy amin' ny fomba feno ny fitiavan' Andriamanitra."- *Vavolombelona mahery p. 11*

***<u>Vakiteny atolotra hovakiana:</u>*** Vavolombelona Mahery, p. 11 -16

*Alahady* *10 Aprily*

1. **NOFORONINA ARAKA NY ENDRIK' ANDRIAMANITRA**

a. **Inona no nolazain' Andriamanitra tamim-pankasitrahana tamin' ny famoronana ny olombelona? Tamin' iza no nilazany izany? Genesisy 1:26-27**

"Rehefa voaforona ny tany , ka tafapetraka teo ireo biby rehetra, dia namoaka ny fikasany ny Ray sy ny Zanaka, fikasana izay voatendry talohan' ny fahalavoan' i Satana, mba hamorona olona araka ny endrik' izy ireo. Niara niasa izy ireo tamin' ny famoronana ny tany sy ny zava-manan' aina rehetra teo aminy. Ary ankehitriny dia hoy Andriamanitra tamin' ny Zanany Lahy, ' Andeha isika hamorona isika hamorona olona tahaka ny endritsika' (Genesisy 1: 26)"—*Lift Him Up, p. 47*

b. **Inona no dikan' ny hoe noforonina araka ny endrik' Andriamanitra? Mpitoriteny 7: 29**

"Nataon' Andriamanitra ho madio ny olombelona; nomeny toetra amam-panahy ambony izy, ary tsy nisy fironana ho amin' ny ratsy. Nofenoiny tanjaka ara-tsaina ambony izy." *Patriarchs and Prophets, p. 49*

" Nadio fitiavana ny olona; ary voafehin' ny saina mandanjalanja tsara ny fitiavan- komany sy ny filàny." - *Patriarchs and Prophets, p. 45*

**2. NY VONINAHITR' ANDRIAMANITRA**

**a. Inona no fikasan' Andriamanitra tamin' ny namoronany ny taranak' olombelona? Isaia 43: 7**

"Tambonin' ny voahary rehetra dia notendren' Andriamanitra mba haneho ny eritreriny sy ny voninahiny ny olombelona izay voninahitry ny asa famoronana nataony. Kenefa tsy natao hisandratra mihoatra noho Izy."**–** *Testimonies vol.8, p. 264*

"Rehefa niala teo am-pelatanan' ny Mpamorona i Adama dia teraka tao anatin' ny natiora ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy nitovy tamin' ny Mpanao azy. 'Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny' ( Genesisy 1: 27), ary fikasany ny hoe arakaraky ny fahelan' ny hahaveloman' ny olona no hanehoany amin' ny fahafenoana izany endrika izany sy hitarafany amin' ny fahafenoana ny voninahitry ny Mpamorona." *Education, p. 15*

**b. Nanao ahoana no namariparitan' ny tsindrimandry ny voninahitr' Andriamanitra? Eksodosy 33 : 18-19; 34: 5 -7**

"Ny voninahitr' Andriamanitra dia maneho ny toetrany. Rehefa tao an-tendrombohitra i Mosesy, ka nifampiresaka akaiky tamin' Andriamanitra, dia nivavaka izy hoe : ' Mba hampahitao ny voninahitrao aho'. Fa hoy kosa Jehovah: 'Izaho am-pandalo ny fahatsarako rehetra eo anatrehanao ka hanonona ny anaran' i Jehovah eo anatrehanao; fa hiantra izay hiantrako Aho, ary hamindra fo amin' izay hamindrako fo.' (Eksodosy 33 : 18-19)."

"Ny voninahitr' Andriamanitra, izay ny Toetrany, dia nasehony: (Eksodosy 34: 6-7)." **–** *The Signs of the Times, September 3, 1902*

***c.*** **Inona no mamorona ny toetrantsika? Isaia 55: 7-9; Mpitoriteny 8: 5; 2 Korintiana 10: 5**

"Rehefa diso ny eritreritra dia diso toy izany koa ny fahatsapana kanefa ireo eritreritra sy fahatsapana ireo mitambatra no mamorona ny toe-tsaina. Raha manapa-kevitra ianao fa amin' ny maha kristiana anao dia tsy ilaina ny mitazona ny fisainanao sy ny fahatsapanao, dia mitondra ny tenanao ho eo ambany hery miasa mangina ny anjely ratsy ianao ka manasa ny fanatrehan' izy ireo sy ny fifehezany ." *- Testimonies vol. 5, p. 310*

"Aza adino mihitsy fa ny eritreritra no miasa mahatonga fihetsika. Ary ny fihetsika miverimberina dia lasa fahazarana ary ny fahazarana no mamorona ny toetra." *– The Upward Look, p. 89*

### 3. VOASAKANA NY FIKASAN' ANDRIAMANITRA

**a. Tamin' ny lafiny inona no nakan' ilay menarana fanahy ireo ray amandrenintsika ka nahatonga azy ireo ho eo ambanin' ny fanapahan' ny ota? Genesisy 3: 3-6**

"Iray amin' ireo fakam-panahy matanjaka indrindra tsy maintsy ho sedrain' ny olombelona dia ny resaka fitiavan- komana…

"Raha vao tafalatsaka ao amin' ny fitiavan-komana ny olombelona amin' ny voalohany, dia lasa miha mitombo hatrany hatrany amin' ny fampanaranam- po ny tena mandrapahatongan' ny fahasalamana atao sorona eo amin' ny alitaran' ny fitiavan-kanina. Ireo mponina talohan' ny safo-drano dia tsy nahalala onony tamin' ny fihinana sy ny fisotro. Nihinana nofom-biby izy ireo kanefa tamin' izany fotoana izany dia mbola tsy nanome alalana ny olona hihinam-biby Andriamanitra. Nihinana sy nisotro izy ireo mandrapahatongan' ny fampanaranam-posy ny fitiavan-komana tafahoatra tsy nisy farany intsony ary tonga tena ratsy izy ireo ka tsy zakan' Andriamanitra intsony. Feno ny kapoaky ny faharatsiany ary dia nodiovin' Andriamanitra hiala tamin' ny tany izany fahalotoan-tsaina izany tamin' ny alalan' ny safo-drano."—*Counsels on Health, p. 108- 109*

**b. Nanao ahoana no nandresen' I Satana ny olona ka nahatonga azy hanota? Genesisy 6: 5; Romana 3: 10-12, 18. Inona no tanjony tamin' izany?**

"Fikasan' i Satana tamin' izay ny hampisaraka mandrakizay an' Andriamanitra sy ny olona." – *The Desire of Ages, p. 25*

"Tany am-piandohana dia nomena hery ara-tsaina sy fahaiza-mandanjalanja tsara ny olombelona. Tanteraka tamin' ny maha izy azy izy ary nifanaraka tsara tamin' Andriamanitra. Nadio ny eritreriny ary masina ny tanjony. Kanefa noho ny tsy fankatoavana dia voavadika ny heriny ary ny fitavan-tena no naka ny toeran' ny fitiavana. Lasa nalemy noho ny fandikan-dalàna ny natiorany ary tsy azony natao, tamin' ny herin' ny tenany, ny hanohitra ny herin' ny ratsy. Babon' i Satana izy ka tokony ho azy mandrakizay raha tsy nanao fanelanelanana manokana Andriamanitra. Fikasan' ilay mpaka fanahy ny hanakana ny planin' Andriamanitra tamin' ny olona izay noforoniny ka hameno ny tany amin' ny faharatsiana sy ny loza. Ary tiany ny hanondro ny faharatsiana rehetra ho vokatry ny asa famoronan' Andriamanitra ny olona." – *Steps to Christ, p. 17*

"Noho ny fahotana dia simba sy efa saiky potika tanteraka ny fitoviana amin' Andriamanitra. Nihanalemy ny hery ara-batan' ny olombelona, nihalefy ny fahatakarany ara-tsaina ary nihamaizina ny fahitany ara-panahy. Tonga nanjakan' ny fahafatesana izy." – *Education, p. 15*

4. **MAMERINA AMIN'NY LAONINY ILAY ENDRIKA**

a. **Rehefa vitan' i Satana ny nanapotika ny endrik' Andriamanitra teo amin' ny olombelona dia inona no drafitra nanaraka izany? Genesisy 3: 15**

"Notarihan' i Satana tamin' ny fahotana ny olona ka naroso notanterahina ny drafi-pamonjena. Nandrtra ny efatra arivo taona dia niasa ho fanarenana ny olona i Kristy, fa niasa ho amin' ny fahapotehany sy ny fitotonganany kosa i Satana." – *The Desires of Ages, p. 759*

"(Genesisy 3 : 15). Io no teny fikasana voalohany ny any Mpamponjy izay nijoro teo an-tanin' ady ka hanohitra ny herin' i Satana sy handresy azy." *Selected Messages, Vol. 2, p. 106*

b. **Inona no hevitra natolotr' Andriamanitra ho tanterahina amin' ny alalan' ny drafi- pamonjena? Romana 8: 29; 2 Korintiana 3: 18**

"Tsy navela ho tsy misy fanantenana intsony ny taranaka. Noho ny fitiavana tsy manam-petra sy ny famindra-pony dia novolavolaina ny drafi-pamonjena ka nekena ny sazy mihantona. Mba hamerenana amin' ny olona ny endriky ny Mpamorona azy, hamerenana azy indray ho amin' ny fahatanterahana izay namoronana azy, hanandratana ny fivoarana ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy, hanatanterahana ny fikasan' Andrimanitra tamin' ny famoronana: - izany no asan' ny fanavotana. Izany no fototry ny fanabeazana sy antom-piainana." –*Education p. 15, 16*

c. **Iza tamin' ireo " persôna" telo tao amin' Andriamanitra ( GodHead) no tonga teto amin' izao tontolo izao mba hamerina indray ny endrik' Andriamanitra eo amin' ny olombelona? Jaona 1: 18; Lioka 19: 10**

"Feno hafaliana ery i Satana tamin' ny fandreseny nampitotongana ny endrik' Andriamanitra teo amin' ny tarak' olombelona. Noho izany dia tonga namerina tamin' ny laoniny teo amin' ny olombelona izany endriky ny Mpamorona azy izany i Jesosy. Tsy misy afa tsy Kristy no afaka mamorona toetra vaovao indray izay nosimbain' ny fahotana. Tonga mba hanala ny devoly izay nifehy ny sitrapo Izy. Tonga hanangana antsika avy amin' ny vovoka Izy, tonga hamboatra ny toetra izay simba ka hampifanaraka izany amin' ny toetran' Andriamanitra, ka ho tonga tsara tarehy ao amin' ny voninahiny. " - *God's Amazing Grace, p. 11*

" Na dia efa saika potiky ny fahotan' i Adama aza ny moraly nitovizana tamin' Andriamanitra dia azo nohavaozina indray izany amin' ny alalan' ny fahamendrehana sy ny herin' I Jesosy. Afaka mijoro miaraka amin' ny toe-tsaina itovizana amin' Andriamanitra ny olona satria homen' I Jesosy azy izany." *God's Amazing Grace, p. 11*

**5. FAMPISEHOANA FARANY NY TOETRAN' ANDRIAMANITRA**

**a. Inona no fikasan' Andriamanitra farany ho an' ny fiangonany? Efesiana 3: 8-11**

"Hatramin' ny voalohany dia drafitra nataon' Andriamanitra ny hanehoana amin' izao tontolo izao, amin' ny alalan' ny fiangonany, ny fahafenoany sy ny heriny. Ny mambra amin' izany fiangonana izany… dia natao hampiseho miharihary ny Voninahiny."—The *Acts of the Apostles, p. 9*

**b. Inona no fepetra tsy maintsy hananan' ny fiangonana' Andriamanitra mba hahafahany mitaratra ny Fahafenoany sy ny Endriny eo amin' izao tontolo izao? Efesiana 5: 27; Jaona 13: 34, 35. Inona ny zavatra hitranga rehefa tratra izany fepetra izany? Marka 4: 29**

"Ankehitriny raha mbola manao fanavotana ho antsika ny Mpisoronabentsika dia tokony hitady izay ahatonga antsika ho tanteraka ao amin' I Kristy isika. Na dia eritreritra iray aza, tsy nahavoatarika ny Mpamonjintsika hilefitra amin' ny herin' ny fakam-panahy. Ahitan' i Satana toerana azony amaharana ao am-pon' ny olombelona; misy fanirian-dratsy ankamamiana izay manamafy ny herin' ny fankam-panahy. Fa hoy kosa Kristy momba ny Tenany: 'Avy ny andrinan' izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato Amiko izy' (Jaona 14: 30) … Izany no toerana tsy maintsy ahitana ireo ho afaka hijoro amin' ny andro fahoriana." – *Hery mifanandrina, p . 649*

'Miandry am-paniriana fatratra ny hisehoan' ny Tenany eo amin' ny fiangonany i Kristy. Rehefa voaseho tanteraka eo amin' ireo vahoakany ny toetran' i Kristy dia amin' izay vao ho avy Izy hitaky azy ireo ho Azy." – *Christ object lesson, p. 69*

***Zoma 15 Aprily FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Andriamanitra Ray irery ve no namorona ny zavatra rehetra? Hazavao.
2. Nanao ahona ny natioran' i Adama tamin' ny famoronana? Ary nety ho tonga ho toy ny ahoana izy?
3. Ahoana no nahafahan' i Satana nanakana ny fikasan'Andriamanitra tamin' ny famoronana ny olombelona?
4. Inona no tena tanjona fototry ny drafi-pamonjena?
5. Araka ny fahazoanao azy, dia inona no antony mahatonga an' i Jesosy tsy mbola miverina?

# NY IRAKA AMPANAOVINA NY FIANGONANA

**"Ary hoy Izy taminy: Mandehana any amin' izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra." (Lioka 16: 15).**

"Ny fiangonana no fitaovana notendren' Andriamanitra hilaza ny famonjena amin' ny olona. Nalamina ho amin' ny asa fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an' izao tontolo izao no asa nanirahana azy "—Vavolombelona Mahery, p. 11

***__Vakiteny atolotra hovakiana__:*** Christian Service, p. 7– 29.

*Alahady* *17 Aprily*

1. **NY ASA NANIRAHANA NY FIANGONANA**

a. **Inona no iraka lehibe nomena ny fiangonana ka ilàna fandaminana ny fanatanterahana azy? Matio 28: 18- 20.**

"Ny asa nanirahana ny fiangonan' i Kristy di any hamonjy ny mpanota very. Ny hampahalala ny fitiavan' Andriamanitra amin' ny olona sy ny hambabo azy ireo hoa n' i Kristy amin' ny alalan' ny herin' ny fitiavana. Tsy maintsy entina any amin' ny toerana lavitra sy maizina indrindra ny fahamarinan' izao vanim-potoana izao ary tokony hanomboka ao an-tokantrano izany asa izany."*—Testimonies, vol. 3, p. 381*

b. **Inona ny dingana voalohany nataon' i Kristy fony izy nandamina ny fiangonana voalohan' ny Testamenta Vaovao? Marka 3: 13, 14. Ary inona ny fandaminana lalindalina kokoa nataon' ny apostoly mba hampihitarana ny filazantsara lavidavitra kokoa? Asan' ny Apostoly 6: 1-6**

"Ny fanosorana an' ireo roa ambin' ny folo lahy no dingana voalohany natao tamin'ny fandaminana ny fiangonana mba hahatonga hahatonga azy ireo hanao ny asan' i Kristy aorian' ny fiakarany….."

"Tamin' ny alalan' ireo fitaovana malemy ireo, tamin' ny alalan' ny Teniny sy ny Fanahiny no nanendren' Ilay Mpanjakan' ny lanitra ny famonjena ho tonga any amin' ny rehetera." *The Acts of the Apostles, p. 18*

## 2. MAHAKASIKA NY MPINO REHETRA NY IRAKA

**a. Fotoana anankiroa oviana sy oviana avy no nanomezana ny iraka hitory ny filazantsara? Marka 16: 14,15; Matio 28: 16- 20; 1 Korintiana 15: 2. Inona lesona azontsika ianarana avy amin' io fihetsika io?**

"Nomena an' ireo roa ambin' ny folo lahy ny iraka rehefa nihaona tamin' I Kristy tao amin' ny efitra ambony izy ireo; kanefa nomena ho an' ny olona maro izany ankehitriny. Tamin' ny fihaonana tao amin' ny tendrombohitry Galilia, dia ireo mpino rehetra izay azo nantsoina dia tafangona niaraka. Io fihaonana io, dia Kristy tenany mihitsy, talohan' ny nahafatesany no nanondro ny toerana sy ny fotoana…..

"Io no fihaonana tokana nataon' i Jesosy tamin' ny ankamaroan' ireo mpino taorian' ny nitsanganany. Nanatona azy ireo Izy ka niteny hoe: 'Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany'(Matio 28: 18) "….

"Nitafy ny fahefana tsy manam-petra Izy raha nanome ny iraka tamin' ny mpianatra hoe: 'Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra'(andininy 19)"- *The Desire of Ages, p. 818, 819*

"Niraka nomen' ny Mpamonjy an' ireo mpianatra dia mahafaoka ny mpino rehetra. Mahatratra ny mpino an' i Kristy rehetra hatramin' ny fara andro izany. Tena fahadisoana mahafaty mihitsy ny mihevitra fa ny asa famonjem-panahy dia miankina amin' ireo pasitora voahosotra irery ihany… ireo rehetra izay nandray fiainana tamin' I Kristy dia didiana mba hiasa ho amin' ny famonjena ireo olona manodidina azy. Hanao izany asa izany no nananganana ny fiangonana, ary ireo rehetra izay mandray ho an' ny tenany izany fanoloran-tena masina izany dia manolo-tena ho isan' ny mpiara-miasa amin' i Kristy." -*The Desire of Ages, p. 822*

**b. Taiza no torohevitra no nolazain' i Kristy mba hanombohan' ireo mpianatra ny asa fitoriana? Lioka 24: 47; Ahoana no fahazonao ny fampiharana izany amintsika amin' izao ankehitriny izao?**

"Teo amin' ny toerana izay nisy azy ireo no tsy maintsy nanombohan' ny mpianatra ny asan' izy ireo. Ilay saha izay mafy sy tsy mamparisika indrindra dia azo dinganina. Noho izany ny tsirairay avy mpiasan' i Kristy dia tsy maintsy manomboka eo amin' ny toerana izay misy azy. Ao amin' ny fianakaviantsika ao dia misy fanahy mangetaheta hatsaram-panahy, noana mofon' aina. Angamba misy ankizy tokony hofanina ho an' i Kristy. Misy jentilisa eo an-tokonam-baravarantsika mihitsy. Andeha hataotsika amim-pahatokiana ny asa izay akaiky indrindra. Dia avy eo hataontsika ny ezaka rehetra handehanana lavitra arak' izay hitondran' Andriamanitra ny lalana. Ny asan' ny maro dia mety ho toa voasakan' ny toe-javatra ihany, kanefa, raha atao amim-pinoana sy fahamalinana fatratra izany dia hanakoako hatrany am-paran' ny tany."- *The Desire of Ages, p. 822*

**3. MANATRATRA NY SARANGAN' OLONA REHETRA**

**a. Ahoana no ahalalantsika fa tsy manavaka olona Andriamanitra? Romana 2: 11; Matio 5: 45; 1 Jaona 2: 2**

"Kristy dia tsy manavaka fokom-pirenena na laharana eo amin' ny fiaraha-monina. Naniry hahazo tombotsoa manokana teo an-toerana sy nanerana ny firenena tamin' ny fanomezan' ny lanitra ireo fariseo sy mpanora-dalàna ka hanala ny sisa amin' ireo fianakavian' Andriamanitra teo amin' izao tontolo izao. Kanefa tonga handrava ny rindrin' ny fisarahana rehetra Jesôsy. Tonga hampiseho Izy fa ny famindra-pony sy ny fitiavany dia tsy voafetra tahaka ny rivotra sy ny fahazavana na ny erika manamando ny tany."—*The Misnistry of Healing, p .25*

**b. Tamin' ny fomba ahoana no nanehoan' i Jesôsy tamintsika tamin' ny ohatra sy ny fampianarany fa ny filazantsara dia tokony hotorian any amin' ireo kilasin' olona ambany, mahantra, marary sy ireo efa naloan' ny fiarahamonina aza? Jaona 4: 5-9; Matio 9: 10-13; 10: 7-8**

"Teo amin' ny latabatry ny mpamory hetra no nipetrahan' i Kristy tahaka ny vahiny manan-kaja, ary tamin' ny alalan' ny fahatsorany sy ny fahatsaram- panahiny no nanehoany fa manaja ny maha-olona Izy ary mbola mendrika handray ny fitokisany ny olona….

"Na dia jiosy aza Jesôsy dia nifangaro tamim-pahalalana tamin' ireo samaritana, ka napetraka an-kilany ny fahazaran' ireo fariseo teo amin' ny fireneny. Teo anatrehan' ny fitsarana mialoha mety nanan' izy ireo dia nanaiky ny hatsaram-panahin' ity firenena natao tsinontsinona ity Izy. Niara-natory tao ambany tafon' izy ireo Izy, naira-nihinana teo ambony latabatr' izy ireo, nifampizara ny sakafo izay nokarakaraina sy natolotry ny tànan' izy ireo, niresaka teny an-dalam-ben' izy ireo, ary nandray azy tamin-katsaram-panahy sy finamanana tsara indrindra."-MHealing, p. 26

**c. Ahoana no ahalalantsika fa Jesôsy dia nitory tamin' ireo saranga antonony sy ireo ambony ihany koa? Jaona 3: 1-3; Matio 8: 5-10; lioka 19: 1-5**

"Nitory ny filazantsara tamin' ireo mahantra Jesôsy kanefa tsy nametra ny asany teo amin' io kilasy io ihany Izy. Niasa tamin' ireo rehetra te hihaino ny teniny Izy- tsy ireo mpamory hetra sy olona nailiky ny fiaraha-monina ihany, fa ireo mpanan-karena sy fariseo nahita fianarana ihany koa, ireo jiosy nanan-kaja, ireo kapiteny ary ireo mpifehy romana. Izany no karazan' asa izay mbola tsy hitako ka tokony ataontsika." _ Evangelism*, p. 549*

**4. TSY MAINTSY ATAO MBA AHATONGAVAN' I JESÖSY**

**a. Inona amin' ny asan' ny fiangonana no tsy maintsy vita aloha mialohan' ny hahatongavan' ny farany? Matio 24: 14; Apokalypsy 14: 6, 7. Inona no 'farany' tiana tenenina eto ary inona no zavatra be voninahitra mifandraika amin' izany? Matio 24: 3**

"Ao amin' ny faminaniana(Apokalypsy 14: 6, 7), io fampitandremana momba ny fitsarana io, miaraka amin' ireo hafatra mifandraika amin' izany, dia arahin' ny fihavian' ny Zanak'olona eo amin' ny rahon' ny lanitra. Ny fitoriana ny fitsarana dia midika ho fanambarana ny fihavian' i Kristy fanindroany ho efa tena akaiky. Ary io fitoriana io no antsoina hoe 'filazantsara mandrakizay'. Noho izany, ny fitoriana ny fihavian' i Kristy fanindroany sy ny fanambarana ny fahatomoran' izany dia naseho fa anisan' ny zava-dehibe ao anatin' ny hafatry ny filazantsara."- *Christ object lesson, p. 227, 228*

**b. Iza no nampiandraiketina ny asa fanomezana ny hafatry ny famindram-po farany ho an' izao tontolo zao? Apokalypsy 3: 14**

"Amin' ny heviny manokana dia ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no napetraka eto amin' izao tontolo izao mba ho mpitily sy ho mpitondra fahazavana Izy ireo no nampiandraiketina ny fampitandremana farany an' izao tontolo izao eo an-dàlam-pahaverezana. Eo amin' izy ireo no hamirapiratan' ny fahazavana mahagagan' ny tenin' Andriamanitra. Izy ireo no nomena asa tena lehibe indrindra, di any fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany, faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa mbola lehibe noho izany. Tsy tokony hamela na iza na iza hampivily ny fijeriny mihitsy izy ireo."- *Testimonies vol. 9, p. 19*

**c. Inona no tokony ho fanirian' ny fon' ny fiangonan' Andriamanitra sisa amin' izao ankehitriny izao? Iza no hitondra izany asa izany hatramin' ny famaranana azy? Salamo 119: 125- 127**

"Indro ny famariparitana an' ireo izay ho mpanao fanavaozana, dia ireo izay hitondra ny fanevan' ny hafatry ny anjely fahatelo, ireo manao ny tenany ho ho vahoaka mpitandrina ny didin' Andriamanitra ka manome voninahitra Azy, ary manolo-tena amim-pahatokiana eo imason' izao rehetra izao amin' ny fanarenana izay toerana efa rava ela. Iza no miantso azy ireo hoe Mpamboatra ny rava, mpamelon-dàlana honenana amin' ny tany? Tsy iza fa Andriamanitra. Voasoratra any an-danitra ny anaran' izy ireo hoe 'mpanao fanavaozana', mpamerina amin' ny laoniny, mpanangana ny fototra nandritry ny taranaka maro nifandimby."- *the SDA Bible Commentary(EGWHite) vol. 4, p. 1151*

**5. MILA FANAMPIN-KERY HAMITANA NY ASA**

**a. Inona no zavatra notanterahan' ilay fiangonana voalohany tamin' ny taonjato voalohany? Nanao ahoana no nahafahan' izy ireo nanao izany asa izany? Romana 10: 18; Kolosiana 1: 23; Asan' ny Apostoly 1: 8**

**b. Koa satria isika dia hitady izay hitoriana amin' izao tontolo izao izay efa feno mponina mihoatra ny 7 lavitrisa ankehitriny, dia inona ny zavatra tokony ho tsaroantsika amin' ny maha mpanao fanavaozana antsika? Zakaria 4: 6; Lioka 18: 27; 1 Samoela 14: 6**

"Fahalemena ny herin' olombelona ary fahadalana ny fahendreny. Tsy miankina amin' ny talenta na ny fianarana ataontsika ny fahombiazantsika fa miankina amin' ny fifandraisana velona ananantsika amin' Andriamanitra."
—*Testimonies, vol. 5, p. 158*

**c. Inona no tsy maintsy hanaovan' ny mambran' ny fiangonana fanandramana aloha mialohan' ny ahafahan' izy ireo mitory amim-pahombiazana ny filazantsara any amin' izao tontolo izao? Zakaria 10: 1**

"Ny asa lehibe fitoriana ny filazantsara dia tsy hifarana amin' ny fanehoana ny herin' Andriamanitra latsa-danja noho izay hita teo amin' ny fiantombohany. Ireo faminaniana izay tanteraka tamin' ny nirotsahan' ny ranonorana voalohany tamin' ny fiandohan' ny fitoriana ny filazantsara dia ho tanteraka indray amin' ny fiafaran' izany amin' ny ranonorana farany."- *Hery Mifanandrina, p. 637*

***Zoma 22 Aprily*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona ny iraka nomen' i Kristy ny fiangonany voalamina eto ambonin' ny tany?
2. Nomena an' ireo pasitora sy evanjelistra ihany ve ny fitoriana ny filazantsara?
3. Inona no asa ho hataon' ireo tena Advantista marina amin' izao fotoana izao?
4. Amin' ny alalan' ny hery inona no hahavitana amim-pahombiazana ny asan' Andriamanitra eto ambonin' ny tany?
5. Inona ny asa sarobidy tsy maintsy ataonao mba hanomananao ny tenanao ho amin' ilay famelombelomana?

# NY TANJON' NY FITORIANA FILAZANTSARA

**"Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianattra ny firenena, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina." (Matio 28: 19).**

"Ireo pasitora(mpitory) izay mitory any an-drenivohitra sy any amin' ny tanàn-dehibe dia tsy tokony hahatsapa fahafaham-po na hihevitra fa vita ny asany mandra-pahatongan' ireo izay nanaiky ny fahamarinana hahatsapa mihitsy ny vokatry ny herin' manamasina avy amin' izany fahamarinana izany ka tena miova fo marina ho an' Andriamanitra ."- *Testimonies, vol. 4, p. 317*

***Vakiteny atolotra hovakiana:*** Evangelism, p. 15- 24

*Alahady* *24 Aprily*

1. **NY IRAKA NOTANTERAHAN' I KRISTY**

a. **Inona ny iraka notanterahan' i Kristy tamin' Izy tonga teto amin' izao tontolo izao? Lioka 19: 10**

"Ny mpanota no tanjona fototry ny iraka notanterahan' i Kristy- dia ny mpanota avy amin' ny fokom-pirazanana sy fihaviana samihafa….Malala eo anatrehany ny olona rehetra."—*In Heavenly Places, p. 329*

b. **Inona no sorona nataon' i Jesôsy mba hanatanterahany an' izay iraka izay? Hebreo 2: 9**

"Mijery amim-pigagana sy fahalianana fatratra ny iraka notanterahan' i Jesôsy teto amin' izao tontolo izao ny anjely. Nientanentana mhitsy izy ireo nahita ny fitiavana nanetsika Azy mba hanolotra ny Tenany ho sorona noho ny fahotan' ny olombelona." -*Gospel workers, p. 497*

c. **Faritra inona ao amin' ny iraka notanterahan' i Kristy no handraisan' ny fiangonany anjara? Lioka 4: 18**

"Ny iraka notanterahan' i Kristy dia nanasitrana ny marary, nampahery ireo very fanantenana, namehy ny ferin' ireo naratra. Io asa fanarenana indray io dia tsy maintsy entina ao anivon' ireo olombelona mijaly ka mila izany."- *Welfare Ministry, p. 71*

**2. NY TANJON' NY TORITENY**

**a. Inona no tena dikan' ny hoe filazantsara? 1 Korintiana 15: 1- 4**

"Kristy teo amin' ny hazo fijaliana no atao hoe filazantsara. Manana hafatra isika ankehitriny: 'indro ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao' (Jaona 1: 29). Tsy hampifantoka ny fijeriny eo amin' Ilay Mpamonjy maty nitsanga-ko velona izay ifotoran' ny fanantenany ny fiainana mandrakizay ve ireo mambran' ny fiangonantsika? Izaany no hafatra entintsika, fandresen-dahatra anantsika, fotopinoantsika, fampitandremana ataontsika amin' ireo tsy mibebaka, fampaherezana ireo malahelo, fanantenana ho an' ny mpino tsirairay avy."**–** *The SDA Bible Commentary(EGWhite), vol .6, p. 1113.*

"Ny hafatry ny anjely fahatelo dia miantso ny hanehoana ny Sabatan' ny didy fahaefatra…. Kanefa ny ivon' ny fanintonana rehetra , i Jesôsy Kristy, dia tsy azo avela ivelan' ny hafatry ny anjely telo."- *The Review and herald, March 20, 1894*

**b. Inona no tena tanjona marin' ny fitoriana filazantsara amin' ny firenena rehetra? Lioka 1: 77; Asan' ny Apostoly 2: 21**

"Ny toriteny, raha amin' izao fotsiny, dia tsy manana ilay hery manavao ny fo, kanefa izany fanovana fo izany no tanjon' ny toriteny. Ny hery miasa mangiana avy amin' Andriamanitra manaraka ny teny no mitondra ny fanahy ao amin' ny fivalozana ho eo an-tongotry ny hazo fijaliana." ."**–**. *The Review and herald, September 4, 1888*

"Ny tanjona lehibe sy voalohan' ny filazantsara sy izay rehetra mahakasika izany dia fitadiavana ny hamonjy ireo very. Ny raharahan' ny filazantsara….dia ny fanomezan-tànana ny olona na aiza na aiza mila izany. Izany dia mitaky asa amin' ireo marary sy mijaly ara-batana tahaka mararin' ny fahotana amin' ny ara-panahy ihany koa." **–** *The Review and herald, October 29, 1914*

**c. Inona ny teny fikasana ananan' ireo mino ny filazantsara ary inona no hitranga amin' ireo izao mandà izany? Marka 16: 16; Jaona 3: 18- 20**

**"**Tsy niteny mihitsy i Kristy hoe hiova fo daholo izao tontolo izao rehetra. Kanefa 'hotoriana amin' izao tontolo izao ity filazantsaran' ny fanjakana ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra dia vao ho tonga ny farany'(Matio 24: 14)." -- *The Desire of Ages, p. 633*

**3. NY HEVITRY NY BATISA**

**a. Inona no tokony hataon' ireo mino an' i Kristy? Marka 16: 16 (tapany voalohany). Inona no hevitry ny batisa? Romana 6: 3- 6**

"Fitsipika tena masina sy lehibe ny batisa ary tokony hisy fahafantarana lalina ny tena heviny mihitsy. Izany batisa dia midika ho fibebahana amin' ny fahotana, fidirana amin' ny fiainana vaovao ao amin' i Kristy."—*Child Guidance, p. 449*

"Nanaon' i Kristy ho famantarana ny fidirana ao amin' ny fanjakany ara-panahy ny batisa. Nataony ho fepetra tsy misy isalasalasana izany ka tsy maintsy ileferan' ireo rehetra te ho ekena fa eo ambany fahefan' ny Ray Zanaka Fanahy Masina

"Ny batisa no fanehoana amin' ny fomba manetriketrika ny fandaozana an' izao tontolo izao. Ireo vita batisa amin' ny anarana telo soson' ny Ray Zanaka Fanahy Masina eo amin' ny fiantombohan' ny fidiran' izy ireo amin' ny fiainana kristiana dia manambara ampahibemaso fa namela ny asan' i Satana tonga mambran' ny fianakavian' ny mpanjaka, zanaky ny Mpanjakan' ny lanitra. Izy ireo dia nankato ilay antso hoe: 'koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy…ary aza manendry izay zavatra tsy madio.' Ary tanterahana amin' izy ireo ny teny fikasana manao hoe: ' ary Izaho dia handray anareo, ary ho Rainareo Aho, ary hianareo ho zanako lahy sy ho zanako vavy, hoy Jehovah Tsitoha.'(2 Korintiana 6: 17, 18)."- *Testimonies, vol. 6, p. 91*

**b. Iza no anarana nomena ny mpianatr' i Kristy tany Antiokia? Fa nahoana? Asan' ny Apostoly 11: 26**

"Tany Antiokia no niantsoana ny mpianatra voalohany hoe kristiana. Nomena izany anarana izany satria Kristy no foto-kevi-dehiben' ny fitoriana sy fampianarana ary resak' izy ireo. Tsy nijanona nitantara ny zava-nitranga nandritra ny andro nanaovan' i Kristy ny asany teto an-tany izy ireo ka nahazo tombotsoa tamin' ny Fanatrehany mivantana. Tsy reraka mihitsy izy ireo nijanona teo amin' ny Fampianarany sy ny zava-mahagaga nanaovany fanasitranana. Tamin' ny molotra mangovitra sy maso manganohano no nitantaran' izy ireo ny Fijaliany tao amin' ny sahan' i Getsemane, ny namadihana Azy, ny fahoriany sy ny namonoana Azy; ny fandeferany sy ny fanetren-tenany izay niaretany ny fitsarana tsy ara-drariny sy ny fampijaliana nahatran' ireo fahavalony Taminy; ary ny fangorahan' Andriamanitra tao Aminy izay nahatonga Azy hivavaka ho an' ireo nanenjika Azy. Ny nitsanganany tamin' ny maty sy ny fiakarany any an-danitra ary ny asa fanelanelanana Ataony any an-danitra ho an' ny olombelona lavo no lohahevitra izay nahafinaritra azy ireo ny niresaka azy." – *The Acts of The Apostles, p. 157*

**4. MPIANATRA VOAOVA FO**

**a. Karazana fifandraisana inona amin' ny maha-olombelona no nampiasaina mba hanehoana ny fifandraisana misy eo amin' I Kristy sy ny mpianany? 2 Korintiana 11: 2; Efesiana 5: 22- 25**

"Ao amin' ny Baiboly dia aseho amin' ny alalan' ny firaisan' ny fanambadiana ny fifandraisana masina sady maharitra misy eo amin' i Kristy sy ny fiangonana. Nampiraisin' ny Tompo taminy tamin' ny alalan' ny fanekena mavesa-danja ny vahoakany, ka Izy nampanantena fa ho Andriamaniny ary iretsy kosa nanome toky fa ho Azy irery ihany." – *Hery Mifanandrina, p. 395*

**b. Ahoana no hamaritan' ny Baiboly ny fiainan' ny mpianatry Kristy iray vita batisa? Fa nahoana? 2 Korintiana 15: 17 ; Jaona 5: 1-4**

"Ilay tena taloha, teraka tao amin' ny rà sy sitrapon' ny nofo dia tsy afaka mandova ny fanjakan' Andriamanitra. Ny lalana taloha, ny fironana nolovaina, ireo fahazarana voavolavola, dia tsy maintsy ilaozana satria tsy nolovàna ny fahasoavana. Ny fahateraham-baovao dia mitaky fanoloran-tena vaovao, fanandramana vaovao ary fironana vaovao. Ireo tonga amin' ny fiainam-baovao tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina, dia lasa mpiray amin' ny natioran' Andriamanitra, ary amin' ny fahazarany sy ny fomba fiainany dia hanome porofo mazava ny fifandraisany amin' i Kristy izy. Raha toa ka mbola mitazona ny kileman-toetrany ihany ireo milaza ny tenany ho kristiana dia amin' ny inona moa no maha samy hafa azy ireo amin' izao tontolo izao? Tsy nankamamian' izy ireo ho mpanamasina sy mpanadio ny fahamarinana. Tsy nateraka indray izy ireo." – *The SDA Bible Commentary(EGWhite), vol. 6, p. 1101*

**c. Inona no tsy maintsy heverin' ny fiangonana tsara mialohan' ny hanolorana olona iray hatao batisa? Matio 3: 8**

"Mahakasika zavatra maro ny voady izay ataontsika eo amin' ny ranon' ny batisa. Amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina no handevenana antsika tahaka ny endriky ny fahafatesan' i Kristy ka hitsanganantsika tahaka ny fitsanganany tamin' ny maty ka tsy maintsy hiainantsika amin' ny fiainam-baovao… Manomboka amin' izay fotoana izay dia tokony hataon'' ilay mpino ao an-tsaina fa voatolotra ho an' Andriamanitra sy Kristy ary ny Fanahy Masina izy. Tsy maintsy ataony laharana faharoa avokoa ny zavatra rehetra eto amin' izao tontolo izao ao amin' io fifandraisana vaovao io." – *testimonies, vol 6, p. 98*

**5. MIFANOHITRA NY KALITAO SY NY HABETSAHANA**

**a. Aiza no itondran' i Jesôsy an' ireo rehetra maniry ho tonga mpianany? Fa nahoana? Jaona 10: 16; Asan' ny Apostoly 2: 41, 47**

"Izay rehetra maniry dia afaka mihavana amin' Andriamanitra ka mandray ny fiainana mandrakizay. Aminareo mpianatro no hametrahako ny hafatry ny famindram-po. Natao omena ny Isiraely aloha izany, ary aveo ho an' ny firenena sy ny samihafa fiteny sy ny olona rehetra. Natao homena any amin' ny jiosy sy ny jentilisa. Ireo rehetra mino dia natao hivondrona ao amin' ny fiangonana iray."

*—The Desire of Ages, p 821*

**b. Zava-dehibe ny fidirana ho isan' ny fiangonan' i Kristy. Inona no zava-dehibe lavitra noho izany? Jaona 15: 4- 6; Lioka 13: 5-9**

"Ireo mpitory izay....maneho ny fahamarinana dia tsy tokony ho afa-po mihitsy....raha tsy tonga tena niova fo marina ho an' Andriamanitra ireo nanaiky ny fahamarinana. Ho faly kokoa Andriamanitra raha manana olona enina tena niova fo marina ho amin' ny fahamarinana vokatry ny asan' izy ireo, toy izay manana olona enimpolo izay mpino anarana fotsiny kanefa tsy mbola tena niova fo."

- Testimonies vol. 4, p. 317

"Ny firaisana amin' ny fiangonana dia tsy maka toerana ny fiovam-po mihitsy. Ny fisoratana anarana ao amin' ny bokim-piangonana dia tsy misy tombam-bidy na dia kely akory aza ho an' ny olona iray raha toa ka tsy tena voaova ny fo."

- *Evangelism, p. 290, 291*

"Ny fisoratan' ny anarantsika ao amin' ny bokin' ny fiangonana dia tsy ananantsika antoka hahazo ny lanitra raha toa ka tsy miray amin' ny an' i Kristy sy ny vahoakany ny fontsika."- *The Review and herald, February 19, 1880*

***Zoma 29 Aprily*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona ny iraka notanterahan' i Kristy raha tonga teto an-tany amin' ny maha Zanak' olona Azy Izy?
2. Inona no tsy maintsy tanjonao rehefa manao asa misionera ianao?
3. Inona no voady atao eo amin' ny fanaovana batisa?
4. Mialohan' ny hanaovana batisa olona dia inona no andraikitra tsy maintsy heverin' ny fiangonana tsara?
5. Tahaka ny maha zava-dehibe ny maha mambran' ny fiangonana dia inona ihany koa no tena zava-dehibe tena ilaina amin' ny fanomjena antsika?

# Fanatitry ny Sabata voalohany amin' ny volana ho an' ireo Misiona maneran-tany.

Ry rahalahy sy anabavy manerana an' izao tontolo izao.

Miaina ao amin' ny famaranana ny tantaran' ny planeta Tany isika izao, ary efa ela no niandrasan' ny Tompontsika tamim-pitantaina ny hodiantsika any Aminy amin' izay. Tanteraka eo ambany masontsika ireo faminaniana izay miresaka amintsika fa efa akaiky ny fiverenan' ny Tompontsika, efa tena eo am-baravarana. Mampalahelo anefa fa tsy mbola tonga hatrany am-paran' ny tany ny filazantsara ary tsy mbola ny olombelona rehetra no nanana tombotsoa nahare ny fahamarinana. "Voatery tsy maintsy handray fanapahan-kevitra tsy ho ela ny olombelona, ary tsy maintsy mandre sy mahalala tsara ny Baiboly izy ireo mba hahatonga azy ireo ho afaka hiandany amim-pahendrena amin' ny andaniny marina."(Evangelism, p. 25)

Amin' ny maha mambran' ny vatan' i Kristy antsika, dia tombotsoa ho antsika ny haneho ny Toetrany sy handray anjara amin' ny fanapariahana ny filazantsara manerana an' izao tontolo izao amin' ny fanomezantsika ny fotoanatsika sy ny herintsika ary ny volantsika ho amin' izany asa manokana izany.

Misaotra ireo mambrantsika sy namantsika izay nivavaka sy nanome fanampiana ara-bola satria dia afaka nanangana Misiona vaovao any amin' ny faritra maro isika. Mbola mila ny fanampiantsika ireo Misiona vaovao ireo mandrapaha-tongan' izy ireo ho tafapetraka tsara sy mahazaka tena ara-bola, kanefa etsy andanin' izany dia misy Misiona vaovao misokatra foana. Isan-taona, mandritra ny herinandrom-bavaka, dia manao fanatitra manokana isika mba hamenoana izay filana rehetra ahafahana manapariaka ny hafatra manerana ny tany. Kanefa mbola mila betsaka isika.

"Natao tsinontsinona ny fanomezana avy amin' Andriamanitra, ary mbola hitsara ny vahoakany ny amin' izany Andriamanitra. Ny avonavona sy ny fitiavam-pahafinaretana no nomena lanja tamin' ireo tombotsoa voaray, ary misy saha vaovao tsy voakasika mihitsy. Mivantana amin' ireo mpitantana ny fananany ny fananaran' Andriamanitra noho ny tsy fiangarana sy fitiavan-tenan' izy ireo amin' ny fampiasany ny fananan' Andriamanitra."- Testimonies, vol. 8, p. 59

Hisafidy ny hampifandray ny herinao amin' ireo misionera sy ny fianakaviany amin' ny fanomezanao amin-kalalahana ny fanananao ve ianao mba hahatonga ny Tany ho feno haingana ny Voninahitr' Andriamanitra ka hahatonga an' i Jesôsy ho tonga faingana?

Manantena izahay fa izany no sitrakao.

Avy amin' izao tontolo izao mila fanampiana.

# HAFATRA MIFANTOKA EO AMIN' I KRISTY

**"Ity no vato izy nolavinareo mpanao trano, nefa tonga fehizoro. Ary tsy misy famonjena amin' ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin' ny lannitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena."(Hebreo 4: 11, 12).**

"Misy fahamarinana fototra lehibe iray tokony atao ao an-tsaina na dia mialohan' ny hanaovana fikarohana ao amin' ny Soratra Masina aza di any hoe: 'Kristy, indrindra fa Izy voahombo teo amin' ny hazofijaliana'. Ny fahamarinana tsirairay hafa dia mamoaka ny heriny sy ny fiasany rehefa mifandraika amin' izany lohahevitra izany."- *The SDA Bible Commentary(EGWhite), vol. 6, p. 1084*

***Vakiteny atolotra hovakiana:*** Evangelism, p. 184- 193

*Alahady 1 May*

1. **LOHAHEVITRA FOTOTRY NY HAFATRA ENTINTSIKA**

a. **Araka ny hitantsik vao haingana, amin' ny maha- advantista mpanao fanavaozana antsika dia inona no hafatra manokana tokony homentsika an' izao tontolo izao? Apokalypsy 14: 6- 12**

b. **Tahaka ny fiangonana voalohany dia inona no tokony ho lohahevitra fototry ny hafatra omentsika an' izao tontolo izao? Asan' ny Apostoly 5: 42; 1 Korintiana 2: 2**

"Amin' ireo milaza azy ho kristiana rehetra dia ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no voalohany tokony hanandratra an' i Kristy eo amin' izao tontolo izao. Ny fanambarana ny hafatry ny anjely telo dia miantso ho amin' ny fanehoana ny Sabata marina. Tsy maintsy toriana miaraka amin' ireo fahamarinana hafa miaraka aminy io fahamarinana io; kanefa ny fisarihana lehibe indrindra, dia Jesôsy Kristy, dia tsy azo avela. Teo amin' ny hazo fijalian' i Kristy no nihaonan' ny fahamarinana sy ny famindram-po, teo no nifanatonan' ny fahamarinana sy ny fiadanana. Tsy maintsy tarihana hijery an'i Kalvary ny mpanota, miaraka amin' ny finoana tahaka ny an' ny ankizy kely no tsy maintsy hatokiany ny fahamendrehan' i Kristy, hanekeny ny Fahamarinany ka hinoany ny Famindram-pony." *-Gospel workers, p. 156, 157*

**2. KRSITY NO MPAMONJY TOKANA**

**a. Koa satria ny filazantsara rehetra dia miresaka momba an' i Kristy(Romana 1: 1-3) , dia inona fahalalana tsy maintsy ananantsika voalohany mba ahafahantsika mandeha mitory ny filazantsara amin' izao tontolo izao? 2 Petera 3: 18; Filipiana 3: 7, 8**

"Tsy misy olona afaka hiantsehatra eo amin' ny asan' Andriamanitra raha toa ka tsy ny fony rehetra no atolotra ho amin' ny asa ary manao ny zavatra hafa rehetra ho tsy misy dikany mihotra noho ny fahalalana tsara an' i Kristy izy."**–** *Desire of Ages, p.273*

**b. Inona no maha zava-dehibe ny fahalalana tsara an' ilay tena Kristy marina? Matio 24: 24. Ahoana no fomba hisehoan' ireo Kristy sy mpaminany sandoka eo amin' ny olona? 2 Korintiana 11: 13- 15; Matio 7: 15**

"Manangana fiaraha-miasa amin' ireo olona ratsy eto an-tany ireo anjely lavo. Amin' izao fotoana iao dia hiseho ho tahaka ny tena Kristy marina ny antikristy, ary ho atao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra any amin' ny firenena maro eto amin' izao tontolo izao. Ho tonga amin' ny fara tampon' ny fahafenoany ny fikomiana amin' ny lalàn' Andriamanitra. Kanefa ny tena mpitarika izany fikomiana izany dia i Satana mitafy anjelin' ny mazava. Ho vofitaka ny olona ka hanandratra azy sy hametraka azy eo amin' ny toeran' Andriamanitra ka hanao azy ho andriamanitra."**–***. The Review and herald, September 12, 1893*

**c. Inona maha zava-dehibe ny hoe Ilay Kristy izay inoantsika sy toriantsika dia Ilay Kristy tena Izy izay notorian' ireo apostoly tamin' izany? Jaona 14: 6; Asan' ny Apostoly 4: 10 -12**

**"**Tokana ihany ny lalana mankany an-danitra. Tsy maintsy eo ambony dian-tongotr' i Jesôsy isika, tsy maintsy manao ny Asany dia tahaka ny nanaovany ny Asan' ny Rainy. Tsy maintsy mandinika ny Lalany isika fa tsy ny lalan' olombelona; tsy maintsy mankato ny Sitrapony isika fa tsy ny antsika….Izy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana." – *Our Father Cares, p.264*

*"*Raha to aka mahatsapa ny fahotanao ianao, aza mandany ny herinao rehetra hitomany ny amin' izany, fa mijere ka mivelomana. Jesôsy no Mpamonjy tokana ho antsika; ary….tsy misy na dia iray aza mahatoky ny Fahamarinany ka avela ho very. Raha mbola eo am-pieritreretana ny toerana malemy misy antsika tsy misy an' I Kristy isika, dia tsy tokony ho kivy; tokony hiankina amin' Ilay Mpamonjy maty sy nitsanga-ko velona isika. Na mahantra, na mararin' ny fahotana, na ketraka, mijere ka miveloma. Hanatanteraka ny Teniny Jesôsy; hamonjy izay rehetra manatona Azy Izy." -- Selected Messages, vol 1, p. 352

**3. FAMANTARANA ILAY TENA KRISTY MARINA**

**a. Ahoana no hanazavan’ ny Soratra Masina ny fikambanan’ ny natiora maha-Andriamanitra sy ny maha-olona teo amin’ i Jesôsy Kristy? Filipiana 2: 5-8**

“Ilay Mpamonjy antsika dia naka ny maha-olombelona. Fanapahan-kevitra sy fanirian’ ny Tenany manokana izany. Notafiany ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitra Azy. Tena nitovy tanteraka tamin’ Andriamanitra Izy kanefa tsy niseho tamin’ ny maha Andriamanitra Azy. Nosaronany ny fanehoana ny maha-Andriamanitra izay mitaky ny fanajana sy miantso fiankohofana amin’ ny voary manontolo. Tena Andriamanitra Izy na dia teto an-tany aza; saingy nesoriny tamin’ ny Tenany izany endrik’ Andriamanitra izany, ary ho solon’ izany dia naka ny endrika sy ny fomban’ ny olombelona izy. Nandeha teto an-tany amin’ ny maha olona Azy Izy. Noho ny amintsika dia tonga mahantra Izy, mba hahatonga antsika ho tonga mpanana noho ny fahantrany. Napetrany ny Voninahiny sy ny Fiandrianany. Tena Andriamanitra Izy kanefa dia nilaozany izany Voninahitra maha Andriamanitra izany.” *The review and Herald, July 5, 1887*

**b. Raha mijery ny maha olombelona Azy isika dia firy taona moa Izy raha very teo anatrehan’ ny ray aman-dreniny nandritra ny telo andro tamin’ ny fetin’ ny Paska? Firy taona Izy no nataon’ i Jaona batisa? Lioka 2: 42, 43; 3: 21-23**

“Te hahalala araka izay azo atao ny fahamarinan’ ny natiora maha olona ny Tompontsika isika. Nikambana tao amin’ i Kristy ny maha-olona sy ny maha-Andriamanitra ary samy feno amin’ ny maha izy azy izany natiora roa izany tao Aminy.” – Selected *Messages, book 3, p. 135*

**c. Raha mijery ny maha- Andriamanitra Azy indray dia oviana no efa nisy Izy? Mika 5: 2; Jaona 17: 5, 24**

“Iray tao amin’ ny Ray i Kristy talohan’ ny nametrahana ny fanorenana izao tontolo izao….

“I Kristy dia Zanaka lahin’ Andriamanitra efa nisy taloha sy nisy ho Azy(self-existent)…Raha miresaka ny amin’ ny Fisiany tany aloha(pre-existent) dia mitondra antsika ho amin’ ny fotoana tsy hay tany aloha tany Kristy. Manome antoka antsika Izy fa tsy mbola nisy fotoana izay tsy nananany firaisana akaiky tamin’ Ilay Mandrakizay….

“Tsy azontsika refesina amin’ ny fandrefesan’ olombelona ny maha fiainana maha-Andriamanitra Azy. Tsy azo ampitahaina amina endri-javatra ny fisian’ i Kristy talohan’ ny nakany endrik’ olombelona.” – The Faith I live by, p. 46

**4. FAMANTARANA ILAY TENA KRISTY MARINA**

**a. Ahoana no hanazavan' i Jesôsy fa fa Izy dia Andriamanitra Nisy ho azy, tsy noforonina(self-existent)izay niseho tamin' i Mosesy tao an-tendrombohitra Horeba? Jaona 8: 58 (ampitahao amin' ny Eksodosy 3: 14, 15)**

"Novalian' i Jesôsy tamin' ny fomba mendrika sy manetriketrika izany hoe: "lazaiko aminareo marina tokoa: fony tsy mbola ary Abrahama dia IZY AHO

Ny anaran' Andriamanitra nampahafantarina an' i Mosesy mba hanambarana ny fanatrehany mandrakizay, dia nolazain' Ilay raby Galiliana fa Anarany. Nilaza tena ho Ilay Nisy ho azy Izy, dia ilay nampanantenaina an' Isiraely (Ilay voalaza fa) "hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay(Mika 5: 2)"– *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 506*

"Kristy no niteny tamin' i Mosesy avy tao amin' ilay roimemy teo amin' ny tendrombohitra Horeba ka nanao hoe: "IZAHO IZAY IZY….Izao no lazainao amin' ny zanak' Isiraely: IZAHO IZAY IZY no efa naniraka ahy ho aty aminareo"(Eksodosy 3: 14). Io no antoky ny fanafahana ny Isiraely. Toy izany koa rehefa tonga teo amin' ny "fitoviana amin' ny olona Izy", dia nambarany ny tenany fa Ilay IZY. Ilay zaza tany Betlehema, Ilay Mpamonjy malemy fanahy sady tsy miavona am-po no "Andriamanitra naseho teo amin' ny noho"(1 Timoty 3: 16).-*Fitiavana Mandresy, p. 15*

**b. Tamin'ny fomba ahoana no nanehoan' i Jesôsy fa amin' ny maha-Andriamanitra Azy dia manana natiora sy toetoetra mitovy amin' Andriamanitra Ray Izy? Jaona 10: 27- 30; Kolosiana 1: 18, 19**

"Kristy, Ilay Teny, Ilay Zanakalahy tokan' Andriamanitra, dia Iray tao amin' Andriamanitra Ray mandrakizay- iray tamin' ny natiora, tamin' ny toetra, tamin' ny hevitra- Ilay Tokana afaka niditra tao amin' ny fiheverana sy fikasan' Andriamanitra. 'Ary ny anarany atao hoe: Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny Mandrakizay, Andrian' ny fiadanana.'(Isaia 9: 6)." – *Patriarchs and Prophets, p.34*

"(Jaona 10: 21- 30)…Tsy mbola naheno teny nivoaka avy tamin' ny vavan' olombelona toy izany mihitsy ny jiosy, ary nisy hery miasa mangiana nandresy lahatra azy ireo; fa tena hita fa nisy maha-Andriamanitra nanjelatra teo amin' ny maha-olona araka ny nolazain' i Jesôsy, 'Izaho sy ny Ray dia Iray ihany.' Feno hevi-dalina ny tenin' I Kristy izay nametraka mialoha nilaza fa IZY sy ny RAY dia iray amin' ny maha 'tena' mihitsy, manana ny 'toetra' rehetra itovizana." – *The Signs of The Times, November 27, 1893*

**5. ANDRIAMANITRA NIARA-NAMORONA TAMIN' NY RAY**

**a. Tamin' ny alalan' iza no namoronana izao tontolo izao? Ary inona no hifandraisan' izany amin' ny hoe efa fisian' i Kristy taloha? Jaona 1: 2, 3; Efesiana 3: 9; Kolosiana 1: 15- 17**

"Raha Kristy no namorona ny zavatra rehetra dia Nisy talohan' ny zavatra rehetra Izy. Tena mazava mihitsy ny teny milaza izany ka tsy misy olona tokony hilatsaka ao anaty fisalasalana. Iray amin' Andriamanitra Kristy na amin' ny ankapoben-teny na amin' ny heviny lalina indrindra. Niaraka tamin' Andriamanitra hatry ny fahagola Izy, Andriamanitra mihitsy, ary voatahy mandrakizay."

*—selected Messages, book 1, p. 247*

**b. Ahoana no aneken' Andriamanitra Ray ny maha-Andriamanitra an' i Kristy, ary inona no antoka omen' izany antsika? Hebreo 1: 8- 12**

"Izay mino Ahy hoy Jesôsy, na dia maty aza, dia ho velona indray, ary izay rehetra velona ka mino Ahy,dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va ianao?" Eto Kristy dia mibanjina ny fotoan hihaviany fanindroany. Amin' izay dia hitsangana tsy ho lo intsony ny marina, ary ny marina velona dia hafindra ho any an-danitra tsy hahita fahafatesana. Ny fahagagana izay efa hataoan' i Kristy, amin' ny fananganana an' i Lazarosy amin' ny maty, dia hampiseho ny fitsanganan' ny marina rehetra amin' ny maty. Ny teniny sy ny asany no nambaran' ny tenany ho Mpanao ny fananganana amin' ny maty. Ilay efa ho faty tsy hoe ela eo amin' ny hazo fijaliana, dia nijoro teo nanana ny fanalahidin' ny fahatesana mpandresy ny fasana, ary nanantitrantitra ny zony sy ny fahefany hanome fiainana madrakizay."- *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 567*

***Zoma 6 May*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona no tokony ho fototry ny hafatra izay tsy maintsy entintsika eo amin' izao tontolo izao?
2. Ahoana ho ahafahanao mahafantatra an'ilay Kristy sandoka izay hilaza ny tenany ho Ilay Kristy Marina?
3. Iza tamin' ireo persona tao amin' ny Mah'Andriamanitra (GodHead) no niseho tamin' i Mosesy tao an-tendrombohitra Horeba?
4. Ahoana no ahafahanao manaporofo ao amin' ny Baiboly fa Jesôsy dia y niara-namorona tamin' ny Ray?
5. Raha Mpamorona antsika Jesôsy, dia inona no resahan' izany amintsika momba Azy?

# NY NAHATONGAVAN' I KRISTY HO NOFO

**"Ary hoy ny anjely taminy: aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an' ny olona rehetra; fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan' i Davida, dia Kristy Tompo."(Lioka 2: 10, 11).**

"Tena zava-drehetra amintsika mihitsy izany maha olombelona an' Ilay Zanakalahin' Andriamanitra izany. Izany no rojo volamena izay mamatotra antsika amin' i Kristy, ary avy amin' I Kristy mankamin' Andriamanitra. Izany no fianarana tokony ataontsika. Tena olona Kristy; nanome porofon' ny fanetren-tenany Izy tamin' ny nahatongavany ho olona. Nitohy tao amin' ny nofo ny maha-Andriamanitra Azy."- *Selected Messages, book 1, p. 244*

***__Vakiteny atolotra hovakiana__:*** Ilay Fitiavana Mandresy, p 9- 18 sy p. 33 - 38

*Alahady* *8 May*

1. **TAO AMBADIKY NY ZAVA- NITRANGA**

a. **Inona no navalin' Andriamanitra(Ray Zanaka Fanahy) ny fahalavoan' I Adama sy Eva? 1 Jaona 4: 10**

"Nentanin' ny fangorahana ny taranak' olombelona Andriamanitra (GodHead) niasa ho amin' ny fanaovana drafi-panavotana ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Ary mba ahafahana manatanteraka izany drafitra izany dia tapaka fa i Kristy, Ilay Zanaka lahitokan' Andriamanitra no hanolotra ny Tenany hatao sorona noho ny fahotana."- *The Review and herald, May 2, 1912*

b. **Naninona no tsy tonga dia novonoina teo no ho eo tamin' ny fotoana nihinanany an' ilay voankazo voarara i Adama sy Eva? Joba 33: 24; Marka 10: 45; Apokalypsy 13: 8(tapany farany)**

"Tamin' ny fotoana izay naneken' I Adam any fakam-panahin' I Satan ka nanaovany zavatra izay noraran' Andriamanitra tsy ataony, dia Kristy, Ilay Zanakalahin' Andriamanitra, dia nijoro nanelanelana ny maty sy ny velona ka niteny hoe: 'avelao hianjera Amiko ny sazy, haka ny toeran' ny olombelona Aho. Omeo fitsarana hafa izy'. Nametraka an' izao tontolo izao teo ambany ozon' ny fahafatesana ny fandikan-dalàna. Fa tany an-danitra kosa dia nisy feo re nilaza hoe: 'Efa nahita mpisolo vaika Aho." –*The Signs of the times, June 27, 1900*

2. **NY DRAFI- PAMONJENA**

a. **Inona no dingana voalohany indrindra noraisin' I Kristy mba ahatonga ny drafi-pamonjena ho azo tanterahana? Hebreo 2: 9**

"Nampahafantarin' i Jesosy an' ireo anjely fa efa nisy lalàna nomanina ho famonjena ny olombelona very. Nolazaniny tamin' ireo fa efa nangataka tamin' ny Rainy Izy mba hanolorany ny ainy ho solovaika ka handray ny fahahatesana ho eo Aminy, ka amin' ny alalany no ahazoan' ny olona famelan-keloka ka amin' ny famendrehan' ny Ràny sy fankataovana ny lalàn' Andriamanitra no ahafahan' izy ireo mahazo ny fankasitrahan' Andriamanitra ka ho afaka hoentina ao amin' ilay zaridaina mahafinaritra sy hihinana amin' ny voan' ny hazon'aina.

"Tamin' ny voalohany dia tsy faly aloha ny anjely… Kanefa nolazain' i Jesosy tamin' izy ireo fa handao… ny Voninahiny any an-danitra Izy ka hipoitra eto an-tany amin' ny endriky ny olona, hanetry ny tenany ho toy ny olona, ka hanazatra ny Tenany hiatrika ireo fakam-panahy maro samihafa izay mihodidina ny olona; Ka mba hahafahany mahafantatra ny lalan-kivoahana ho an' ireo izay halaim-panahy…

" Nolazain' i Jesosy tamin' izy ireo ihany koa fa handray anjara amin' izany asa izany izy ireo, hiaraka Aminy amin' ny fotoana samihafa mba hampahery Azy; satria haka ny toeran' ny olombelona manana natiora lavo Izy kanefa ny hery ananany aza dia tsy mitovy amin' ny an' ireo anjely, ary ho vavolombelon' ny fanetren-tenany sy ny fijaliany izy ireo. Koa satria hahita ny fijaliany sy ny fankahalan' ny olona Azy izy ireo ka hientanentan' ny fihentseham-po lalina ary noho ny fitiavan' izy ireo Azy dia haniry ny hanafaka Azy amin' ireo mpamono Azy Izy kanefa tsy mahazo miditra n-tsehatrana mihitsy izy ireo fa hijery fotsiny…

" Faly indray i Satana sy ireo anjeliny satria nilatsaka nialaa tamin' ny toerany ambony ny Zanaka Lahin' Andriamanitra noho ny fahalavoan'ny olombelona. Noresahany tamin' ireo anjeliny fa rehefa haka ny natioran' ny olona lavo Jesosy dia afaka handresy Azy izy ka hanakana ny fanatanterahana ny drafi-pamonjena."- *Early Writings, p. 149 -152*

b. **Inona no tao amin' ny maha Izy an' I Kristy no nanakana Azy tsy afaka ny ho faty talohan' ny nahatongavany ho nofo? 1 Timoty 6: 14 - 16**

" Rehefa nofantsihana tamin' ny hazo fijaliana Kristy dia ny maha olona Azy no maty. Ny maha Andriamanitra Azy dia tsy maty na lavo na oviana na oviana; Zavatra tsy afaka ny hisy izany. "–*Lift Him Up, p. 76*

**3. LASA ZANAK' OLONA NY ZANAK' ANDRIAMANITRA**

**a. Inona no dikan' ny teny hoe: "Ny Teny tonga nofo" (Jaona 1: 14)? Hebreo 2: 14 (Tapany voalohany)**

"Nifangaro tamin' ny fomba feno misitery ny maha Andriamanitra sy ny maha olombelona. Ny maha olona sy ny maha Andriamanitra dia lasa iray. Ary ao anatin' io firaisana io no ahitantsika taranaka lavo fanantenana." *The SDA Bible Commentary [E.G White Comments], vol. 5, p. 1130*

**b. Ahoana no nanamafisan' I Apostoly Paoly fa nanana ny natioran' ny olombelona lavo I Kristy raha tonga teto an-tany? Romana 1: 3; 8: 3**

"Tsy nanao ny Tenany ho naka ny natioran' ny olombelona mba hinoantsika Azy I Krtisy, fa tena naka izany mihitsy Izy." Selected Messages, bk 1, p.247

"Nalainy teo amin' ny Tenany ny natioran' ny olona lavo, mijaly, potika sy maloton' ny fahotana. Noraisiny ny alahelontsika, nentiny ny fahorina sy ny henatra tokony ho antsika. Niaritra ny fakam-panahy izay nihodidina ny olona Izy. Nakambany ny maha olombelona sy ny maha Andriamanitra: Fanahin' Andriamanitra nitoetra tao amin' ny tempolin' ny nofo. Ary nakambany tamin' ny Tenany izany tempoly izany.'Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika' (Jaona 1: 14). Satria tamin' ny nanaovany izany no nahafahany nikambana tamin' ny zanakalahy sy zanakavavin' I Adama feno ota sy alahelo. – *The Youth's Instructor, December 20, 1900*

**c. Fa naninona no taorian' ny fahalavoana vao nilaina ny nakan' I Kristy ny natioran' ny olombelona fa tsy talohan' ny fahalavoana? Hebreo 2: 16- 18**

"Tonga teto amin' izao tontolo izao ny Mpamonjy mba haneho ny Voninahitr' Andriamanitra mba hahatonga ny olona hisandratra amin' ny alalan' izany hery fanarenana izany. Niseho tao Aminy Andriamanitra mba hahafahany miseho ao amin' ny olona. Tsy nampiseho hery na fahatsarana izay mety ho tsy nananan' ny olombelona tamin' ny finoana Izy. Azon' ireo mpanaraka Azy hananana tsara ny fahatanterahan' olombelona tao Aminy raha toa ka milefitra eo amin' Andriamaniktra tahaka Azy izy ireo."_ *The Desire of Ages, p. 664*

"Nitafy ny fitafian' ny olombelona ny Zanak' Andriamanitra ka nilatsaka teo amin' ny ahavon' ireo niriany ho vonjena. Tsy nisy fahamelohana na fahotana tao Aminy; fa nadio sy tsy voaloto Izy. Noraisiny teo Aminy ny natiora maha mpanota sy olombelona lavo antsika. Nokatsahiny ny hamerina amin' ny olona indray izay zavatra verin' I Adama sy izao tontolo izao noho ny tsy fankatoavana." *The Rev*iew and Herald December 15, 1896

**4. NY DIKAN' ILAY FAHATONGAVA HO NOFO**

**a. Inona no toetoetra nanan' I Kristy nahafahany nanao ny asan' ny mpanelanelana? I Timoty 2: 5**

"Jesosy irery ihany no afaka nanome antoka an' Andriamanitra satria nitovy tamin' Andriamanitra Izy. Izy irery ihany no afaka nanelanelana an' Andriamanitra sy ny olona satria nanana ny maha Andriamanitra sy ny maha olona Izy. Noho izany dia afaka nanome antoka an' ireo andaniny roa ireo I Jesosy satria nahafeno ny fepetra ilaina amin' izany. Amin' ny maha Zanak' Andriamanitra Azy dia manome antoka an' Andriamanitra Izy ho antsika ary amin' ny maha Teny mandrakizay Azy, izay mitovy amin' ny Ray, dia manome antoka antsika Izy ny amin' ny fitiavan' ny Ray antsika izay manaiky ny teny fampanantenana ataony. Satria te hanome toky antsika Andriamanitra ny amin' ny fiadanany tsy miova dia nomeny ny Zanany Lahy tokana mba ho tonga iray amin' ny fianakavian' olombelona ka nitazona izany natiora izany mandrakizay araka ny fampanantenan' Andriamanitra mba hahatanteraka ny Teniny" *- Review and Herald, April 3, 1894*

**b. Inona no nitranga tamin' ny fifandraisan' Andriamanitra sy ny olona noho ny fahotana? Ahoana no namerenana indray izany firaisana izany? Isaia 59: 2; Galatiana 4: 4; 5.**

"Ny maha olombelona ny Zanak' Andriamanitra dia zava-drehetra ho antsika. Izany no rojo volamena mamatotra ny fanahintsika amin' i Kristy ary amin' i Kristy sy Andriamanitra." *– The Youth's Instructor, October 13, 1898.*

"Fikasan' i Satana ny hahatonga fisarahana mandrakizay eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona; nefa tafaray èty kokoa amin'' Andriamanitra isika ao amin' i Kristy, mihoatra noho izay nisy antsika raha mbola tsy lavo mihitsy aza. Ny nandraisany ny nofontsika no namatoran'ny Mpamonjy ny tenany tamin' ny taranak' olombelona tamin' ny fatorana izay tsy ho tapaka na oviana na oviana.

"Neken' Andriamanitra tao amin' ny Zanany ny maha olombelona, ary izany ihany no nentiny any amin' ny lanitra avo indrindra. Ny 'Zanak' olona' no manana anjara eo amin' ny seza fiandrianan' izao tontolo izao. Ny 'Zanak' olona' no antsoina hoe: 'Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny Mandrakizay, Andrian' ny fiadanana.(Isaia 9: 4)…. Ilay 'masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin' ny mpanota', dia tsy menatra ny hiantso antsika hoe 'rahalahy'(Hebreo 7: 26; 2: 11)." *– Ilay fitiavana mandresy, p.17*

"Ny hitondra ny olombelona ho eo amin' i Kristy sy hitondra ny taranaka lavo hiray amin' Andriamanitra no asan' ny fanavotana. Naka ny natioran' ny olombelona Kristy mba ahafahan' ny olombelona hiray Aminy tahaka ny hiraisany amin' ny Ray, mba hitiavan' Andriamanitra ny olona tahaka ny hitiavany ny Zanany Lahy, mba hahatonga ny olona ho afaka hiray amin' ny mah' Andriamanitra ary ho feno ao Aminy."*– Selected Messages, bk.1, p.251ka*

**5. NY DIKAN' ILAY FAHATONGAVA HO NOFO (tohiny)**

**a. Inona ny fikasan' Andriamanitra tamin' ny famoronana ny olombelona no tanteraka tamin' ny fahatongavan' i Kristy ho nofo? 1 Korintiana 6: 19**

"Hatramin' ny fahagola dia fikasan' Andriamanitra ny hahatonga izay noforoniny rehetra ho tempoly hitoeran' ny Mpamorona, dia hatramin' ny serafima mamirapiratra sy masina ka hatramin' ny olombelona. Noho ny fahotana dia nihjanona tsy ho tempoly ho an' Andriamanitra ny taranak' olombelona. Noham'izinin' ny ratsy sy nolotoiny ny fon' ny olona ka tsy naneho intsony ny Voninahitr' Ilay Andriamanitra. Nefa tamin' ny nandraisan' ny Zanak' Andriamanitra ny nofon' olombelona, dia tanteraka ny fikasan' ny lanitra. Nitoetra tao amin' ny maha olombelona Andriamanitra, ary amin' ny alalan' ny fahasoavany mamonjy dia manjary tempoliny indray ny fon' olombelona."*—Ilay Fitiavana Mandresy, p. 154*

**b. Inona no hiantsoan' ny anjelin' ny lanitra ny fahatongavan' i Jesôsy ho nofo? Nahoana? Lioka 2: 6 - 11**

"Fifaliana ho an' ny mahantra satria tonga Kristy hanao azy ireo ho mpandova ny fanjakany! Fifaliana ho an' ny mpanana satria hampianatra azy ireo ny amin' ny fomba hampiasan' izy ireo ny fananany eto an-tany Izy mba hahatonga izany hanome antoka azy ireo ny amin' ny harena mandrakizain' ny lanitra! Fifaliana ho an' ireo tsy mahalala satria tonga hanome fahendrena hahazoan' ireo famonjena Izy! Fifaliana ho an' ireo nahita fianarana satria satria hanokatra ny fahatakaran' izy ireo ho amin' ny misitery lalindalina kokoa Izy mihoatra noho izay efa takatr' izy ireo teo aloha."- *The Spirit of Prophecy, vol.2, p. 191*

"Ny fanekena an' i Kristy hisolo ny olombelona dia zava-nahagaga ireo anjely. Ho azy ireo dia fitiavana sy fahendrena misitery ny famonjena amin' ny alalan' i Kristy." *– The Review and Herald, July 15, 1909*

***Zoma 13 May*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Fa naninona i Adama sy Eva no mbola navela ho velona arivo taona taorian' ny nanotan' izy ireo?
2. Inona no antoka natolotr' i Kristy teo amin' Andriamanitra mba hahazoan' ny taranak' olombelona fampihatoana sazy?
3. Fa naninona i Kristy no voatery tsy maintsy nandray ny natioran' i Adama efa lavo?
4. Fa naninona no tsy azon' i Kristy natao mihitsy ny namonjy izao tontolo izao raha tsy nateraka tonga nofo Izy?
5. Tena hitanao hoe vaovao mahafaly ho anao ve ny fahaterahan' i Kristy? Fa nahoana?

# NY FAHAMARINAN' I KRISTY

**"Eny tokoa, fa ataoko ho fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran' ny hatsaran' ny fahalalana an' i Kristy Jesosy Tompoko, Izay niaretako ny fatiantoka ny zavatra rehetra, ka ataoko ho taimboraka ireny mba hahazoako an' i Kristy; ary mba ho hita ao aminy aho tsy manana ny fahamarinako, izay avy amin' ny lalàna, fa izay avy amin' ny finoana an' i Kristy, di any fahamarinan' Andriamanitra amin' ny finoana. (Filipiana 3: 8 -9)**

"Tsy azon' ny olona hatao ny mamonjy ny tenany. Mety hamitaka ny tenany izy kanefa tsy afaka mamonjy ny tenany. Ny fahamarinan' I Krtisty irery ihany no afaka manarona ho amin' ny famonjena azy ary fanomezana avy amin' Andriamanitra izany."*—Selected Messages, bk. 1, p. 331*

***<u>Vakiteny atolotra hovakiana</u>:*** Faith and Works, p. 15-47

*Alahady* *15 May*

1. **NY FEPETRAN' NY FIAINANA MANDRAKIZAY**

a. **Inona no toerana nomena an' i Adama sy Eva tao Edena? Genesisy 1: 28**

"Natao mpanjaka i Adama tao Edena, nomena azy ny fahefana hanjaka amin' ny voahary rehetra izay noforonon' Andriamanitra. Nomen' ny Tompo fahatakarantsaina mihoatra noho ny voahary rehetra i Adama sy Eva. Nataony ho mpanjakan' ny zavatra rehetra izay noforon' ny Tanany izy."*—The SDA Bible Commentary [E.G White Comments], vol. 1, p. 1082*

b. **Inona no fitsapana nomena an' i Adama? Genesisy 2: 16- 17. Inona no toetretra nananan' ny olona ahafahany misedra io fitsapana io? Genesisy 1: 26, 27**

"Tamin' ny voalohany dia nomena hery ambony sy saina mahay mandanjalanja tsara ny olona. Tena tanteraka tamin' ny maha izy azy izy, ary nifandrindra tsara tamin' Andriamanitra. Nadio ny fisainany ary masina ny tanjony." *The Sings of the Times, October 25. 1905*

**2. TSY VOATAZON' I ADAMA NY FIAINANA MANDRAKIZAY**

**a. Inona avy ireo vokatra vitsivitsin' ny tsy fankatoavan' i Adama? Genesisy 2: 17; Ezekiela 18: 4 (Tapany farany). Inona no fihetsik' Andriamanitra tamin' izay? Jaona 3: 16**

"Nitondra ny taranak' olombelona an'teo ambany fanamelohan' ny fahafatesana ny tsy fankataovan' I Adam any baikon' Andriamanitra.'Maty teo amin' I Adama ny rehetra', ary fahatesana mandrakizay fa tsy fiainana mandrakizay no sazy farany ho an' ireo rehetra izay manohy ny fandikan-dalàna."*–The Signs of the Times, June 17, 1897*

"Amin' ny fotoana izay handavan' ny mpiasan' Andriamanitra ny tsy hankatoa ny lalàn' ny fanjakan' Andriamanitra, dia lasa tsy mahatoky amin' ny fitondran' Andriamanitra izy ka mametraka ny tenany ho tsy mendrika tanteraka handray ny fitahiana rehetra izay tian' Andriamanitra homena azy…"

" Ary ny antony nahatonga ny olona tsy nopotehan' Andriamaitra dia noho ny fitiavany azy ka nahatonga Azy hanome fanomezana dia ny Zanany malalany izay hijaly noho ny sazy vokatry ny fandikan-dalàny. Nanoso-kevitra ho tonga antoka sy solo ho an' ny olona Kristy, io olona io, amin' ny alalan' ny fahasoavana tsy manan-tsahala dia handalo fitsarana hafa, hahazo fahafahana vonjy maika, ka hahazo fampitandremana ny amin' ny fanandramana nolalovan' i Adama sy Eva ka tsy handika ny lalàn' Andriamanitra tahaka izay nataon' izy ireo." _ *Faith and Works, p. 21*

**b. Ahoana no nanehoan' I Kristy fa ny fankatoavana ny lalàna dia mbola takiana, na dia taorian' ny fahalavoana aza, mba ho fepetra hahazoana ny fiainana mandrakizay? Lioka 10 : 25-28; Matio 19: 16, 17**

"Ny fepetra ny fianana mandrakizay ankehitriny dia mitovy tamin' ny lasa ihany, mitovy tamin' ny tao amin' ny paradisa talohan' ny nahalavoan' ireo ray amandrenintsika, di ant fankatoavana tanteraka ny lalàn' Andriamanitra, fahamarinana tanteraka. Raha toa ka nekena tamin' ny fepetra latsaka noho izany ny fiainana mandrakizay dia tandindomin-doza ny fifalian' izao rehetra izao iray manontolo. " *Steps to Christ, p. 62*

"Tsy nohalefahan' i Kristy ny fitakian' ny lalàna. Nasehon'y tamin' ny fiteny tsy misy fahadisoana fa fepetra takian' ny fianana mandrakizay ny fakatoavana, izany fepetra izany ihany no notakiana tamin' i Adama talohan' ny fahalavoana… Ny fitakiana eo ambany faneken' ny fahasoavana dia mitovy sy mivelatra kokoa raha oharina amin' ny fitakiana tao Edena: Fifandrindrana amin' ny lalàn' Andriamanitra izay masina, marina, ary tsara. *– Christ's Object Lessons, p. 391*

**3. TSY MISY FAMONJENA AMIN' NY ASAN' NY OLONA**

**a. Raha toa ka tsy miova ny fepetra takiana ho amin' ny fiainana mandrakizay taorian' ny fahotana dia inona kosa no niova teo amin' ny natioran' ny olona ary inona No vokatr' izany? Efesiana 2: 3; Romana 3: 11, 12**

"Nolazaina tamin' I Adama sy Eva fa nosimbain' ny fahotana ny natioran' izy ireo; nohalefahan' izy ireo ny heriny ahafahana manohitra ny ratsy ka nanokatra làlana ahafan' i Satana miditra lalina kokoa eo amin' izy ireo."*—Patriarchs and Prophets, p.61*

**b. Ny natiora lavo sa ny natioran' ny ota no nolovain' ny taranak' Adama? Salamo 51: 5. Inona no zavatra tsy azon' ny taranak' Adama atao amin' ny herin' ny tenany? Nahoana? Romana 3: 23; Romana 8: 7.**

"Azon' i Adama natao tsara, talohna' ny fahalavoana, ny namolavola toetra marina tamin' ny fankatoavana ny lalàn' Andrimanitra. Kanefa tsy vitany izany, ary nohon' ny fahatoany dia lasa nanana natiora lavo isika ka tsy afaka hanao ny tenantsika ho marina intsony. Koa satria mpanota isika, tsy masina, dia tsy afaka hankatoa tanteraka ny lalàna masina. Tsy manana fahamarinana amin' ny tenantsika isika ka afaka hanatanteraka ny fitakian' ny lalàn' Andriamanitra"*-Steps to Christ, p. 62*

**c. Mba hahatonga antsika ho isaina ho marina, Inona no voasotra momba ireo mieritreritra ny hiankina amin' ny asan' ny tenany toy izay amin' ny fahamendrehan' i Kristy? Galatiana 3: 10; Romana 9: 31- 33**

"Izay mihezaka ny ho an' ny an-danitra amin' ny alalan' ny asan' ny tenany, amin' ny fitandremana ny lalàna dia manao zavatra tsy ho vita… Ny ezaka ataon' ny olona amin' ny herin' ny tenany mba ahazoana famonjena dia maneho ny fanatitra nataon' i Kaina. Ny zavatra rehetra ataon' ny olona tsy misy an' i Kristy dia voaloton' ny fitiavan-tena sy ny fahotana." *Faith and Works, p. 94*

"Noheverin' ny raby ho pasipaoro hidirana ho any an-danitra ny fahamarinany; ambaran' i Jesosy anefa fa sady tsy ampy izany no tsy mendrika rahateo. Ny fomba fivavahana ivelambelany sy ny fahalalana ny marina ara-tsaina fotsiny no fahamarinan' ny fariseo. Ny hambo ho masina amin' ny alalan' ny ezaka ataon' ny tenany eo amin' ny fitandremana ny lalàna ny raby; nefa nampisarahany tamin' ny alalan' ny asany ny fahamarinana sy ny fivavahana. Sarotiny dia sarotiny izy eo amin' ny fanarahana ny fomba fivavahana, nefa ambany sy maloto ara-pitondran-tena ny fiainany. Tsy ahazoany hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra na oviana na oviana izay lazainy fa fahamarinany." *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 322*

**4. LASA FAHAMARINANTSIKA KRISTY**

**a. Satria namela ny zony ho amin' ny fiainana mandrakizay ny olona, dia inona no fanapahan-kevitra noraisin' ny Ray? Galatiana 4: 4-5. Inona no nataon' I Kristy tamin' ny nakany ny toeran' I Adama faharoa rehefa tonga olona Izy? 1 Korintiana 15: 47**

"Taorian' ny fahalavoana dia lasa mpampianatra an' i Adama i Kristy… Tamin' ny fahafenoan' ny fotoana no nisehoany tamin' ny endrik' olombelona. Tsy maintsy naka toerana teo alohan' ny taranak' olombelona Izy tamin' ny nakany ny natiorany fa tsy ny fahafenoan' ny otan' ny olona. " – *The Signs of the Times, Mey 29, 1901*

**b. Inona no tsy maintsy nataon' I Kristy mba ahazahoantsika antoka ny fianana mandrakizay? Matio 5: 17-18. Ahoana no fomba nanatanterahan' I Jesosy ny lalàna? 1 Petera 2: 22**

"Mitaky fahamarinana ny lalàna, dia fahamarinam-piainana sy fahatanterahan-toetra; ary tsy azon' ny olona omena izany. Tsy afaka manome izay takian' ny lalàna masin' Andriamanitra izy. Fa Kristy kosa, tonga teto an-tany amin' ny maha olona, dia niaina tamin' ny fianana masina ary nampivelatra ny fahatanterahan-toetra. Natolony ho fanomezana maimaim-poana ho an' izay mandray Azy izany."- *The Desire of Ages, p. 762*

"Tamin' ny Fiainany teto an-tany dia nampivelatra ny fahatanterahan-toetra Kristy, nankatoa tanteraka ny didin' ny Rainy Izy. Tsy tonga mpanota Izy Tamin' ny nahatongavany naka endrika olona, fa tonga mpanatanteraka ny lalàna Izy tamin' ny nanehoany tamin' ny olona fa nitondra ny aretin' izy ireo Izy, nitondra ny alahelony sy ny fahamelohany. Tsy nisy na dia pentim-pahotana iray aza hita teo Aminy. Nijoro teo amin' izao tontolo izao ho Ilay Zanak' Ondrin' Andriamanitra tsy misy kilema Izy." *The Youth's Instructor, December 29, 1898*

**c. Taorian' ny fahafenoany ny fepetran' ny fiainana mandrakizay ho an' ny tarakan' olombelona, dia inona no fanomezana avy amin' ny Ray izay hatolotr' i Kristy ho an' ny olona tsirairay avy? Romana 6: 23; 1 Jaona 5: 11**

"Nomen' ny Mpamonjin' izao tontolo izao an' ireo izay diso ny fanomezana ny fiainana mandrakizay. Mijery ny vokatry ny fitiavana sy famelan-keloka natolony Izy. Amin' ny fo feno fitserana, mihoatra noho ny an' ny ray ento an-tany izay mamela ny zanany mijaly sy diso lalana ka mibebaka no hiandrasany izany."- *The Signs of the Times, April 20, 1876*

5. **ISAINA HO MARINA NOHO NY FINOANA IRERY IHANY**

a. **Ny tsy fankatoavan' i Adama dia nanao antsika ho mpanota, ny fahamarinan' iza kosa no manao antsika ho marina? Romana 5: 17-19. Rehefa mandray ny fahamaraina' I Kristy amin' ny finoana isika dia manao ahoana ny fisehoantsika eo imason' Andriamanitra? Romana 3: 28**

"Tsy manana fahamarinana avy amin' ny tenantsika isika mba hahafeno izay takian' ny lalàn' Andriamanitra. Fa Kristy kosa nanokatra lalana ho antsika. Niaina teo an'ivon' ireo fisedrena sy fakam-panahy izay lalovantsika eto ant-tany Izy. Kanefa fiainana tsy nisy fahotana no niainany. Maty ho antsika Izy ary ankehitriny dia manala ny fahotantsika sy manolotra ny Fahamarinany ho antsika. Raha manolontena ho Azy ianao, ka manaiky Azy ho Mpamonjy anao, na manao ahoana na manao ahoana fahotanao, noho ny Aminy dia isaina ho marina ianao. Hisolo ny toetranao ny toetran' I Kristy ka ekena ho marina eo anatrehan' Andriamanitra ianao tahaka ireny tsy nanota ireny."*—Steps to Christ, p. 62*

b. **Rehefa voaisa ho marina ny olona iray dia inona no fanantenany na dia maty aza izy? Jaona 3: 16; Titosy 3: 7; 1 Korintiana 15: 21-22**

"Amin' ny alalan' ny finoana dia afaka mitondra ny fahamendrehan' i Kristy eo amin' Andriamanitra ny mpanota ka ny fankatoavan' ny Zanany no hisainy ho azy. Ny fahamarinan' I Kristy dia ekena eo amin' ny toeran' ny olona lavo ka dia raisan' Andriamanitra ilay fanahy mino sy mibebaka ka avelany heloka sy hamarininy ka raisiny toy ny olo-marina ary tiaviny tahaka ny hitiavany ny Zanany."- Selected Messages, bk 1, p. 367

***Zoma 20 May*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona no fepetra takian' ny fiainana mandrakizay taloha sy taorian' ny fahalavoana?
2. Noho ny fahotana, dia inona ny fiovana nisy teo amin' ny natioran' ny olombelona?
3. Fa maninona no ho voaozona ireo mitady fahamarinana amin' ny alalan' ny fitandremana ny lalàna?
4. Ahoana no fahazoanao ny teny hoe: " Kristy Fahamarinantsika?"
5. Na dia maty aza ny olona iray izay nisaina ho marina noho ny finoana ny fahamarinan' i Kristy, dia inona no fanantenana ho azy?

# FAHAFATESAN' I KRISTY MAHAONITRA FAHOTANA (I)

**"Ary ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny filazantsara izay notoriako taminareo sy noraisinareo sady iorenanareo, izay hamonjena anareo koa, raha tananareo tsara araka izay teny notoriako taminareo, raha tsy nino foana. Fa natolotro anareo ho isan' ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko , dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina. (1 Korintiana 15: 1-3)**

"Kristy nihantona teo amin' ny hazo fijaliana no atao hoe Filazantsara. Manana hafatra isika ankehitriny: ' Indro ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao' ( Jaona 1 : 29)… Izany no hafatra entintsika, fandresendahatra ataontsika, foto-pinoantsika, fampitandrena ataontsika amin' ireo tsy mibebaka, fampaherezana ireo tra-pahoriana, fanantenana ho an' ireo mpino tsirairay avy."*—The SDA Commentary [E.G White Comments], vol. 6, p. 1113*

***__Vakiteny atolotra hovakiana__:*** Ilay Fitiavana Mandresy, p. 799-817

*Alahady* *22 May*

1. **HITA NY AVOTRA**

a. **Inona no nomanin' Andriamanitra tamin' ilay fanandramana hanolorana an' Isaka ho fanatitra ary inona no hevitr' izany eo amin' ny fanandraman' ny olombelona? Genesisy 22: 7-13; Joba 33: 24**

"Ilay osy natao fanatitra solon' Isaka dia maneho ny Zanak' Andriamanitra Izay fanatitra teo amin' ny toerantsika. Rehefa voaheloka ho amin' ny fahafatesana noho ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra ny olona dia hoy ny Ray amin' ny mpanota, rehefa mijery ny Zanany Izy : ' ho velona ianao fa efa hita ny avotra'*—Patriarchs and Prophets, p. 154*

b. **Oviana no nanomanana ny famojena ho an' ny taranak' olombelona? Matio 25: 34; Apokalypsy 13: 8 (Tapany farany)**

" Tamin' ny fotoana indrindra… izay nanaovan' ny olombelona ny zavatra izay noraran' Andriamanitra fatratra, dia efa nijoro nanelanelana ny velona sy ny maty Kristy Ilay Zanak' Andriamanitra ka nanao hoe: 'Avelao hianjery Amiko ny sazy. Haka ny toeran' ny olombelona Aho. Hahazo famindram-po hafa izy."*The SDA Commentary [E.G White Comments, vol. 1, p. 1085*

**2. FANANTENANA MIFOTOTRA EO AMIN' ILAY MPAMONJY HO AVY**

**a. Haavo hatraiza no nialan' I Jesosy ka nahatongavany ho faty noho ny fahotan' ny olombelona? 1 Timoty 6: 14, 16; Filipiana 2: 6**

"[Jesosy] Nanolotra ny Ainy ho avotra Izy ka naka ny ozon' ny fahafatesana ho eo Aminy; Ka amin' ny alalany no ahitan' ny olona famelan-keloka. Noho ny fahamendrehan' ny ràny sy ny fankatoavana ny lalàna no ahazoan' ny olona sitraka eo anatrehan' Andriamanitra, ka hitondrana azy any amin' ilay zaridaina mahafinaritra sy hihinanany amin' ny voan' ny hazon' aina…

"Nandao ny Voninahiny rehetra tany an-danitra Izy, ka nipoitra teto an-tany, nanetry ny Tenany toy ny olona… Nanaiky ho faty tamin' ny fomba mahatsiravina indrindra, niantona teo anelanelan' ny lanitra sy ny tany toy ny mpanota meloka."

- *Early Writings, p, 149, 150*

**b. Inona no teny fikasana nomena an' i Adama taorian' ny nanotany ary inona no hevitr' izany fampanantenana izany ? Genesisy 3: 15**

"[Genesisy 3: 15] Io didim-pitsarana io, izay notononina teo an-tsofin' ireo ray aman-drenintsika voalohany, dia teny fikasana ho azy ireo…

"Nosokafan' ireo anjely tamin' ireo ray aman-drenintsika voalohany tamin' ny fahafenoana ny drafitra novolavolaina hamonjena azy ireo… Natolotra ho avotra niaraka tamin' ny Ainy ny Zanak' Andriamanitra noho ny tsy fankatoavan' izy ireo. Nomena fahafahana vonjimaika izy ireo ka amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny finoana an' I Kristy no ahafahan' izy ireo ho tonga zanak' Andriamanitra indray." **–** *Patriarchs and Prophets, p. 65-66*

**c. Taorian' ny fidiran' ny ota teto amin' izao tontolo izao, dia inona no fomba nomena an' i Adama sy ny taranany ary inona no tanjon' izany? Genesisy 4: 3-5; Hebreo 9: 13, 14, 28**

"Naseho ny olona lavo ny drafitry ny sorona tsy misy fetra ka amin' ny alalan' izany no ahazoana famonjena. Tsy misy afa tsy ny fahafatesan' ny Zanak' Andriamanitra no afaka hanala ny otan' ny olombelona, ary nampitolagaga an' i Adama ny fahatsaran' Andriamanitra izany nanomana avotra ho an' ny mpanota… Tamin' ny fananganana ny fombam-pivavahana tandindona fanolorana sorona sy fanatitra no nitazonana ny fahafatesan' I Kristy teo amin' ny olona meloka mba ahatsapany ny natioran' ny ota sy ny vokatry ny fandikan-dalàna ary ny fahamedrehan' ny sorona masina."**–** *The Signs of the Times, February 20, 1893.*

**3. MPAMONJIN' NY OLONA REHETRA**

**a. Rehefa tonga ny fotoana nety dia inona no nataon' ny Ray mba hanafahana ny olona amin' ny famatoran' ny ota? Galatiana 4: 4, 5. Ho an' iza no nanahatongavan' I Jesosy teto an-tany mba hovonjena? 1 Timoty 4: 10; 1 Jaona 4: 14**

"Kristy dia niaritra ny fahafatesana ho an' ny olona tsirairay avy ka noho izany dia manana fiheverena lalina sy mampihetsi-po ho an' ny tsirairay avy Izy."—*Testimonies, vol.9, p. 222*

"Nino ny samaritana fa ho avy toy ny Mpanavotra ny Mesia, tsy ho an' ny jiosy ihany, fa ho an' izao tontolo izao. Ny Fanahy Masina dia nampiteny an' i Mosesy mialoha ny Aminy ho toy ny Mpaminany nirahin' Andriamanitra. Tamin' ny alalan' ny Jakoba dia nolazaina fa ao aminy no hanangonana ny vahoaka; ary tamin' i Abrahama dia nolazaina fa Aminy no hitahiana ny firenena rehetra. Teo amin' ireo Soratra Masina ireo no nametrahan' ny vahoakan' i Samaria ny finoan' izy ireo....

"Nanomboka nandrava ny rindrina nanelanelana ny jiosy sy ny jentilisa Jesosy ka nitory ny famonjena ho an' izao tontolo izao."—*The Desire of Ages, p. 193*

**b. Mba ahafahany ho tonga Mpamonjy izao tontolo izao dia tamin' ny endrika manao ahoana no nidinan' i Kristy teto an-tany? Filipiana 2: 7, 8**

**c. Rehefa maty ho an' ny olona rehetra Kristy, dia inona tamin' ny tenin' I Jesosy no manondro amintsika fa ny maha olona tao anatiny no maty fa tsy ny maha Andriamanitra? Jaona 10: 17-18**

"Ilay niteny hoe: 'Izaho manolotra ny Aiko mba handraisako azy indray' (Jaona 10: 17), dia nivoaka avy tao amin' ny fasana mba hamelona ny aina izay tao Anatiny ihany. Maty ny maha olona; tsy maty ny maha Andriamanitra. Tao amin' ny maha Andriamanitra Azy dia nanana hery hanapahana ny fatoran' ny fahafatesana Kristy. Nilaza Izy fa manana ny fiainana ao Aminy ihany homeny izay tiany homena azy."-*Selected Messages, bk.1, p. 301*

*"Izaho no fananganana ny maty sy fiainana ( Jaona 11: 2)*. Andriamanitra ihany no afaka mampiasa izany fitenenana izany Ny voahary rehetra dia miaina araka ny sitrapo sy ny Herin' Andriamanitra. Miankina amin' ny Ain' ny Zanak' Andriamanitra izay nomena izy ireo… Feno aina avy amin' Ilay Loharanon' ny fiainana rehetra izy ireo. Ilay manana ny tsi-fahafatesana irery ihany, mitoetra ao amin' ny fahazavana sy ny fiainana, no afaka miteny hoe: 'Manana fahefana manolotra ny aiko Aho, ary manana fahefana haka azy indray." – *The SDA Bible of Commentary [E.G White Comments], vol.5, p.113*

**4. NOFOANANA NY FAHAFATESANA FAHAROA HO AN' IREO MPINO**

**a. Rahoviana no hianjera amin' ireo nandà an' i Kristy tsy ho Mpamonjy azy ny sazin' ny fahafatesana mandrakizay? Inona no hiantsoana izany sazy izany? Nahoana? Apokalypsy 20: 14; 21: 8**

"Fa fahafatesana no tambin' ny ota, ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra ao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika (Romana 6: 23). Raha lova ho an' ny olo-marina ny fiainana dia fahafatesana kosa no anjaran' ny ratsy fanahy. 'Hoy i Mosesy tamin' ny Isiraely': "Indro efa nataoko teo anoloanao androany ny fiainana sy ny soa ary ny fahafatesana sy ny loza" (Deotoronomia 30: 15). Ny fahafatesana voalaza ao amin' ireo andininy ireo dia tsy ilay nolazaina an' i Adama tsy akory, satria ny taranak' olombelona rehetra dia samy mizaka ny sazin' ny fandikana ny lalàna avokoa. Ny 'fahafatesana faharoa' no setrin' ny fainana mandrakizay – *Hery Mifandrina, p. 556*

**b. Ahoana no niainan' i Jesosy ny fahadisoam-panantenan' ireo mijaly ao amin' ny fahafatesana faharoa? Matio 27: 46; Hebreo 2: 9**

"Ny fahatsapana tao amin' i Jesosy dia mihoatra noho izay ho tsapan' ny mpanota rehefa hiraraka amin' izy ireo ny kapoakan' ny fahatezeran' Andriamanitra. Fahadisoam-panantenana maizina, tahaka ny lamba-paty no hiangona eo amin' ireo fanahy meloka, ary ho tsapan' izy ireo amin' izay ny halehiben' ny fahamelohan' ny fahotana… raha toa ka mandà ny fahatsaran' ny lanitra izy ireo…, nanana ny safisiny izy ireo ary amin' ny farany dia handray ny vokatr' izany , di any fahatezeran' Andriamanitra sy ny fahafatesana mandrakizay. Ho tafasaraka mandrakizay amin' ny fanatrehan' i Jesosy izy ireo, izay sorona nataon' izy ireo tsinontsinona."-*Testimonies vol.2, p. 210*

**c. Inona no nofohanan' I Jesosy tsy ho antsika tamin' ny alalan' ny fahafatesany ary inona no nataony ho azontsika? 2 Timoty 1: 10; Jaona 5: 24; Apokalypsy 2: 11**

"Voasakan' ny fandinkan-dalàna ny tsy fahafatesana mandrakizay nampanantenaina ny olona raha nankato izy... tsy ho nisy fanantenana ho an' ny taranaka lavo, raha tsy nataon' Andriamanitra mety ho azony tamin' ny alalan' ny nanaterany ny Zanany ho fanatitra ny tsy fahafatesana… Ny olona tsirairay dia mety hahazo io fatahiana sarobidy indrindra io raha manatanteraka ny fepetra izy. Izay rehetra "Maharitra manao soa mandrakariva ka mitady voninahitra sy laza ary tsy fahafatesana", dia handray "fiainana mandrakizay."(Romana 2:7).– *Hery mifanandrina, p . 555*

5. **FIFANANKALOZANA MAHAFINARITRA**

a. **Nahoana no niaretan' I Kristy tamin' ny fahafenoany ny sazin' ny fahotana na dia tsy nanana ota akory aza Izy? 2 Korintiana 5:21; Titosy 2: 14**

"Noraisin' i Jesosy teo Aminy ny maha olombelona, ary tamin' ny fanaovana izany dia voninahitra inona no napetrany tamin' ny taranak' olombelona. Nijaly tahaka ny olona Izy, nalaim-panahy ny tahaka ny olona alaim-panahy, kanefa tsy mba nanota. Natao ho ota noho isika Izy, kanefa Izy dia tsy nahakala ota, mba hahatonga antsika ho azo atao marina eo anatrehan' Andriamanitra amin' ny alalany. "*—The Review and Herald, November 18, 1890*

b. **Inona no natolotr' I Kristy ho solon' ny fahotantsika? Romana 5: 17**

"Natao tamin' i Kristy izay mendrika hatao amintsika, mba hatao amintsika izay mendrika hataao amin' I Kristy. Nomelohina nohon' ny fahotantsika, izay tsy nandraisany anjara Izy, mba ahafahana manamarina antsika amin' ny fahamarinany izay tsy niombonantsika Taminy. Niharitra ny fahafatesana izay tokony ho antsika Izy mba ahafahantsika mandray ny fiainana izay Azy. "- *The Desire of Ages, p. 25*

"Tsy mendrika ny fitiavan' Andriamanitra isika, kanefa Kristy, Ilay antoka ho antsika, dia mendrika izany ka afaka manavotra tsara ireo rehetra izay manatona eo Aminy. Na inona na inona fanandramanao tamin' ny lasa, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra mahakivy izay mitranga ankehitriny, raha manatona an' I Jesosy amin' ny maha ianao anao , malemy, mila fanampiana ary ao anatin' ny fahadisoam-panantenana, ny Mpamonjintsika be fangorahana dia haneho lalana lehibe ivoahanao; ary hanolotra anao ny sandrim-pitiavany sy ny akanjom-pahamarinany… Hitalao eo anatrehan' Andriamanitra ho antsika Izy' ka hiteny hoe: 'Efa noraisiko ny toeran' ny mpanota. Aza mijery an' io zaza mpania io, fa mijery Ahy. Miady mafy ny amin' ny fanahintsika Satana, miampanga fahotana, ary mihazona antsika ho toy ny hazany, fa ny ràn' i Jesosy kosa dia manafaka antsika amin' ny hery mahery kokoa"*—Thoughts from the Mount of Blessings, p. 8*

***Zoma 27 May*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona no fikasan' Andriamanitra tamin' ny fanomezany ny fahafahana fahanindroany ho an' ny olombelona?
2. Rehefa maty teo amin' ny faha 930 taonany Adama dia nandray ny sazy vokatry ny fandikan-dalàna voalaza ao amin' ny Genesisy 2: 17 ve izy?
3. Ho an' iza no nanomezan' i Jesosy ny Ainy teo amin' ny hazo fijaliana?
4. Inona no porofo fa tsy nanafoana ny fahafatesana voalohany i Jesosy?
5. Rehefa soloantsika amin' ny fahamarinan' I Kristy ny otantsika dia inona no tsy maintsy homentsika Azy ihany koa ary inona no tsy maintsy ekentsika avy Aminy?

# Fanatitry ny Sabata voalohany amin' ny volana ho an' ny toeram-pivavahana iray any Podgorica, Montenegro

I Montenegro dia firenena iray be tendrombohitra ao Eoropa , atsimon' i Peninsule des Balckans. Podgorica no renivohiny sy tanàna lehibe indrindra ao raha toa ka Cetinje no voatendry renivohitry ny mpanjaka ka nomena anarana hoe Prijestonica. Ireo mponina ao Montenegro, raha ara-tantara, dia mambran' ny Fiangonana Ortodoksan' i Serbia izay fiangonana kristiana be mpino indrindra ao amin' izany faritra izany ankehitriny. Misy mpino vitsivitsy ao amin' ny Katolika Romana ihany, saingy ny ankamaroany dia avy amin' ireo Albaniana sy Kroasiana. Ary ny 1/5n' ny mponina ao dia mpino silamo.

Malaza noho ny ny hatsarana natoraly ao aminy i Montenegro ary fanta-daza ihany koa ny korontona nisy tao vokatry ny fanjakazakan' ny ampira Ottoman. Ireo mponina tia fahafahana ao Montenegro dia tsy hiverina na oviana na oviana mihitsy amin' ny fisedran' ny ady sy fanandevozana. Nandritra ny taonjato maro dia niatrika horohoro noho ny ady lavareny izy ireo. Ny fahasimban' ny natiora tao avaratr' i Montenegr, rehefa milatsaka isam-bolana ao anatin' ny taona ny ranomandry, ary ny toetr' andron' i Mediterane, ao amin' ny sisiny atsimon' ny Adriatic, izay ao amin' io firenena io ihany, dia niteraka fivoaran' ny toe-tsain' ireo mponina izay nentanim-po tsy hamela ireo tombam-bidin' ny fomban-drazana.

Tamin' izany toe-javatra izany no nahatonga ny Fihetseham-panavaozana nanomboka asa tao tamin' ny 1990, ary noho ny fanampian' ny mpino sasany avy any ivelany dia afaka nividy tany kely nanorenana trano fivavahana tao ambanivohitr' i Podgorica. Nanomboka niasa tao amin' io toerana io ny mambranay eto an-toerana nanomboka ny 1992

Noho ny fahalaviran-toerana misy eo amin' ny fiangonana sy ny tanànan' i Podgorica, sy ny fahasarotan' ny fitaterana, dia nanapa-kevitra izahay ny hamindra ny toeram-pivavahana ka hividy tany mifanakaiky amin' ny mponina izay mila mihaino ny hafa-pamonjena. Izany no mahatonga anay mila vola fanampiny mba hampandrosoana ny asan' Andriamanitra any amin' io faritra io.

Mampahery ireo mpino mpiara-mivavaka sy mambran' ny Sekoly Sabata maneran-tany mba hahatsiaro ny zavatra ilaina aty Montenegro ary misaotra antsika rehetra noho ny fahalalan-tànana amin' ny vavaka sy fanatitra omentsika.

Ireo rahalahy sy anabavinareo ao amin' ny Tompo avy aty Montenegro

# FAHAFATESAN' I KRISTY MAHAONITRA FAHOTANA (II)

**"Fa izahay kosa mitory an' I Kristy voahombo tamin' ny Hazo fijaliana, dia fahatafintohinana amin' ny jiosy ary fahadalana amin' ny jentilisa, fa amin' izay voa antso kosa, na jiosy, na jentilisa, dia Kristy, izay Herin' Andriamanitra sy Fahendren' Andriamanitra." (1 Korintiana 1: 23-24)**

"Ny fanomezan' I Kristy dia maneho ny fon' ny Ray. Manaporofo izany, ny namolavolana ny famonjena antsika, tsy hitsistsy na inona na inona Izy, na zava-tsarobidy manao ahona, izay ilaina mba hanatanterahana ny Asany."— *Te*stimonies, vol.9, p.254

***<u>Vakiteny atolotra hovakiana</u>:*** Selected Messages, bk.1, p. 386-394

*Alahady* *29 May*

**1. TIAN' ANDRIAMANITRA TOKOA IZAO TONTOLO IZAO**

**a. Soritsorito ny halalin' ny fitiavan' Andriamanitra? Jaona 3: 16; Romana 5: 6-8**

"Ny fahafatesan' i Kristy dia manaporofo ny haleben' ny fitiavan' Andriamanitra ny olona. Izany no antoka ho amin' ny famonjena antsika….

" Amin' ny alalan' ny hazo fijaliana no hianarantsika fa ny Ray any an-danitra dia tia antsika amin' ny fitiavana tsy manam-petra."*—The Acts of the Apostles, p.209-210*

**b. Inona no didy vaovao izay tokony hiezahantsika hankatoavina mba ahatonga antsika hiavaka amin' ireo tsy mpino? Jaona 13: 34, 35**

"Tahaka ny nitiavan' i Kristy azy ireo, dia tokony hifankatia ihany koa ireo mpianatra. Tokony hampiseho fitiavana tsy miova ao am-pony izy ireo amin' ny fanaovana ny zavatra rehetra amin' ny herin' izy ireo ho famonjena ireo lehilahy, vehivavy, ary ankizy. Kanefa natao haneho fitiavana manokana amin' ireo rehetra iray finoana amin' ny izy ireo…

"Tena fitaka goavana sy mampidi-doza ny mihevitra fa hoe azo atao ny manana finoana ny fiainana mandrakizay kanefa tsy manana ny fitiavan-drahalahy mitovy amin' ny an' I Kristy."_ *The SDA Commentary [E.G White Comments, vol. 5, p. 1040, 1041*

**2. NAHAZO TOMBOTSOA TAMIN' NY FAHAFATESAN' I KRISTY NY OLOMBELONA REHETRA**

**a. Inona no lesona tian' I Jesosy nampianarina tamin' ilay menarana varahana nasandratra tany an' efitra? Jaona 3: 14, 15**

"Refeha maty nohon' ny kaikitr' ilay menarana voapoizina ny vahoaka Isiraely dia nandidy an' I Mosesy hanamboatra menarahana varahina Andriamanitra… Ary nanakoako nanerana ny lain' izy ireo fa izay mijery ilay menarana dia ho velona."—*The Desire of Ages, p. 174*

"Eo amin' ny hazo fijalian' ny Kalvary, niantonan' i Mpamonjy niala aina no tsy maintsy ifantohan' ny masontsika. Ny tombotsoantsika mandrakizay dia mitaky ny finoantsika an' i Kristy. "— *The Desire of Ages, p. 660*

**b. Noho ny fahafatesan' i Kristy fitahiana inona no omen' Andriamanitra an' ireo lehilahy sy vehivavy rehetra isan' andro amin' izao fiainana ahazoana fahafahana vonjimaika izao? Matio 5: 45.**

"Manan- trosa isika noho ny fahafatesan' I Kristy, eny na dia izao fianana eto an-tany izao ihany aza. Ny sakafo izay hanintsika dia novidiana avy tamin' ny Vatany potipotika. Ny rano izay sotrointsika dia voavidy avy tamin' ny Ràny izay nilatsaka. Tsy misy mihitsy na dia olona iray aza, na masina na mpanota, mivelona amin' ny sakafony isan' andro, fa velomin' ny vatana sy ny ràn' i Kristy izy. Manisy tombo-kase ny sombi-mofo tsirairay ny hazo fijalian' ny Kalvary." — *The Desire of Ages, p. 660*

**c. Na dia toa mahita fifaliana amin' ny zavatra rehetra mahakasika izao fiainana mandalo izao aza ny mpino sy ny tsy mpino noho ny fahafatesan' i Kristy, dia iza ihany no hahazo ny fianana mandrakizay? Matio 7: 21; Jaona 3: 16; Romana 2: 7; Apokalypsy 22: 14**

"(Matio 7: 21). Amin' ny zavatra atao fa tsy amin' ny teny no hisedrana ny fahatsoram-po. Tsy niteny tamin' iza na iza mihitsy Kristy hoe: 'inona no lazainao mihoatra noho izay lazain' ny hafa?', fa hoy izy: 'inona no ataonao mihoatra noho ny ataon' ny hafa?'(Matio 5: 47). Mazava tsara ny Teniny manao hoe: 'raha fantatrareo izany dia sambatra hianareo raha manao izany'(Jaona 13: 17). Tsy misy lanjany ny teny raha toa ka tsy arahana asa mifanaraka amin' izany."—*Christ's Object Lessons, p. 272.*

«Milaza amintsika mazava tsara ny Tenin' Andriamannitra fa vitsy no hovonjena. Noho izany ny ankamaroan' ireo izay nantsoina, dia izy ireo ihany, no hanaporofo fa tsy mendrika ny fiainana mandrakizay. Tsy hanana anjara any an-danita izy ireo, fa hahazo ny anjarany miaraka amin' i Satana ary handalo fahafatesana faharoa." —*Testimonies, vol.2, p.293-294*

**3. AZO ATAO NY MAHAZO FAMELAN-KELOKA FENO**

**a. Inona ny zavatra notakian' ny lalàna mba hahazoana famelan-keloka nandritra ilay fombam-pivavahana fanaovana fanatitra? Hebreo 9: 22. Inona no nataon' i Kristy mba hahatonga ny olona rehetra ho voavela heloka? Romana 5: 8-9**

"Maro ireo naneho fahagagana satria nangataka aina maro be Andriamanitra tamin' ny fanaovan' ny Jiosy famonoana fanatitra; kanefa izany dia natao hamantsika ao an-tsain' izy ireo ny fahamarinana lehibe fa raha tsy misy rà alatsaka dia tsy misy famelan-keloka. Nisy lesona tiana navoitra tamin' ny fanatitra tsirairay avy, nisy lesona tiana hisarika ny saina isaky ny fanompoana natao, nisy zavatra notoriana tamin' ny fomba manetriketrika tamin' ny fanaovan' ny mpisorona ny asany, ary Andriamanitra Tenany mihitsy no nampiditra fa – amin' ny alalan' ny ràn' i Kristy irery ihany no hisian' ny famelana fahotana. Endre ny hakelezan' ny fahatsapantsika herin' izany fahamarinana lehibe izany amin' ny maha vahoak' Andriamanitra antsika! Endre ny hakelezan' ny fitondrantsika izany fahamarinana lehibe izany eo amin' ny fiainantsika, amin' ny alalan' ny finoana velona sy miasa, ka ahafantarantsika fa misy famelana ny heloka kely indrindra hatramin' ny lehibe indrindra aza!"—*The Review and Herald, September 21, 1886*

**b. Manao ahoana ny fomba ahazoan' ny olombenona rehetra ny sorona nataon' i Kristy ny ary inona no adidy mitambesatra eo amintsika amin' izany? 2 Korintiana 5: 14 -15**

"Nijaly tany ivelan' ny vavahadin' ny Jerosalema i Kristy satria tany ivelan' ny rindrin' ny tanàna no nisy an' i Kalvary. Maneho izany fa tsy maty ho an' ny Hebreo irery Izy fa ho an' ny olona rehetra"—*The SDA Bible Commentary [E.G. White Comments], vol. 7 , p.934*

**c. Inona no fepetra ahazoan' ny mpanota famelan-keloka? Ary mitarika mankaiza izany? 1 Jaona 1: 9; Kolosiana 3: 1-3.**

"Endre ny hatsaran' ny drafi-panavotana ao anatin' ny fahatsorany sy ny fahafenoany. Tsy hoe mitady ny hamela tanteraka ny mpanota fotsiny izany fa mikendry ihany koa ny fanarenana ny mpadika lalàna ka manao lalana ahatonga azy ho ekena ho zanak' Andriamanitra. Azony atao ny manana fitiavana sy fiadanana ary fifaliana amin' ny alalan' ny fankatoavana. Ny finoany dia afaka mampifandray azy sy ny fahalemeny amin' I Kristy Ilay loharanon' ny herin' Andriamanitra; ka amin' ny alalan' ny fahamedrehan' I Kristy dia azony atao ny mahita ny fankasitrahan' Andriamanitra; satria Kristy ef an ahafeno izay takian' ny lalàna, ka omeny an' ilay mpanota mino sy mibebaka ny Fahamarinany."—*The Review and Herald, March 10, 1891*

**4. FANAMARINANA AMIN' NY FINOANA**

**a. Rehefa nosiavin' I Kristy tamin' ny Ràny ny taratasy fanafahana ny taranak' olombelona, dia iza no lasa tompon' ny olombelona rehetra izay namidy 'andevon' ny ota' hatreto? (Romana 7: 14)? 1 Petera 1: 18-20**

"Novidian' Andriamanitra tamin' ny fandrotsahany ny harenan'ny lanitra iray manontolo teto an-tany, tamin' ny nanomezany ny lanitra rehetra ho antsika ao amin' I Kristy, ny fitiavana, ny saina, ny fanahin' ny olona rehetra. Na mpino na tsy mpino, ny olona rehetra dia efa fananan' ny Tompo. "

"Azy tamin' ny famorona sy ny fanavotana isika. Ny vatantsika iray manontolo dia tsy antsika… Ny fiainantsika sy ny fahaiza-manaontsika rehetra dia Azy avokoa."— *God' s Amazing Grace, p. 173*

**b. Koa satria efa azon' I Kristy ny zo maha-Azy antsika, dia inona no takiany amin' ny isam-batan' olona ankehitriny mba hamitana ny dingana farany hananganana antsika ho zanak' Andriamanitra? Galatiana 3: 26 -29**

"Maro... Ireo tsy mahita ny asa izay tsy maintsy tanterahan' ny Fanahy Masina eo amin' izy ireo mialohan' ny hanovana azy ireo tsy ho fananan' i Satana fa ho tonga zanak' Andriamanitra… 'Raha tsy hateraka indray ny olona iray' – raha tsy mandray fo vaovao, faniriana vaovao, tanjona vaovao, hery manosika vaovao izay mitondra ho amin' ny fianam-baovao – 'dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andrimanitra izy' (Jaona 3: 3) ... Tsy ho mpananteraka ny sitrapon' ilay fahavalon' I Kristy intsony izy. Lasa mpandova an' Andriamanitra amin' ny finoana sy zanak' Andriamanitra amin' ny fananganan' anaka izy."— *The Signs of the Times, March 9, 1882*

"Ny mpanota mibebeka, manenina eo anatreh' Andriamanitra, mahita ny asa famonjena ataon' I Kristy ho azy, ka maniky izany sorona izany ho fanantenana tokana ho azy amin' izao fiainana izao sy ny fianana ho avy, dia ho voavela heloka...."

"Ny famelan-keloka sy ny fanamarinana dia zavatra iray mitovy ihany. Amin' ny alalan' ny finoana no hialan' ny mpino eo amin' ny toeran' ny mpikony, sy ny zanaky ny fahotana sy Satana, ho amin' ny toeran' ny olona mahatoky ao amin' i Kristy; tsy hoe noho ny fahatsarana efa tao aminy, fa satria mandray azy ho toy ny zanany amin' ny fananganan' anaka i Kristy. Mandray famelan-keloka ny mpanota satria efa nentin' Ilay Mpisolo azy sy Antoka izany. Miteny amin' ny Rainy any an-danitra ny Tompo manao hoe: 'zanako ity, nesoriko avy tamin' ny fanamelohana avy tamin' ny fahafatesana izy, nomeko azy ny Aiko ho antoka,- dia ny fiainana mandrakizay- satria efa naka ny toerany sy ny jaly noho ny fahotany Aho. Noho izany, dia zanaka malalako izy.' Noho izany, ny olona voavela heloka sy voatafy ny akanjom-pahamarinana mahafinaritr' i Kristy dia mijoro tsy misy tsiny eo anatrehan' Andriamanitra." — *Faith and Works, p. 103*

**5. VOAALA TSINY NY LALAN' ANDRIAMANITRA**

**a. Fa naninona no tsy azon' ny mpanjaka Dariosa natao ny nanafaka an' i Daniela tsy hatsipy tao andavaky ny liona noho ny lalàna izay izy tenany ihany no namoaka azy, na dia afaka nilefitra nanavotra an' i Daniela aza izy? Daniel 6: 7-9, 15, 16.**

**b. Toy izany koa, inona no zavatra porofoin' ny fahafatesan' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana momba ny lalàn' Andriamanitra? Salamo 111: 7, 8. Avy aiza no niandohan' ny hevitra hoe nandrava ny lalàn' Andriamanitra ny fahafatesan' i Kristy?**

"Fikasan' i Satana hatrizay ny hanao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra sy hamadika ny tena hevitry ny drafi-panavotana. Noho izany dia izy no niandohan' ny hevi-diso fa ny sorona nataon' i Kristy teo Kalvary dia nanana tanjona mba hanafahana ny olombelona ny amin' ny tsy maintsy hitandremany ny didin' Andriamanitra….raha azo natao ny nandrava ny lalàna, ka voatazona ny fitondram-panjakan' ny lanitra sy ny tany sy ireo tontolo maro hafa, dia tsy nilaina ny nahafaty an' i Kristy. Nametraka ny ny fahamarinan' ny lalàn' Andriamanitra ho mandrakizay ny fahafatesan' i Kristy. Tamin' ny fiaretan' i Kristy ny sazy rehetra tokony ho an' izao tontolo izao meloka no nahalasa Azy ho Mpanelanelana an' Andriamanitra sy ny olona, ka hanarina ny fanahy mibebaka ho ankasitrahan' Andriamanitra amin' ny fanomezana azy fahasoavana ahafahany mitandrina ny lalàn' Ilay Avo Indrindra. Tsy tonga handrava ny lalàna na ny mpaminany Kristy, fa mba hanatanteraka azy ireo ara-bakiteny mihitsy. Ny sorona teo Kalvary dia manamarina ny lalàn' Andriamanitra ho masina, marina ary tsara; tsy hoe eto amin' izao tontolo izao lavo ihany fa eo anivon' ny lanitra sy ny tontolo hafa maro tsy mbola lavo ihany koa. Tonga naneho miharihary ny lalàn' Andriamanitra sy ny nanome voninahitra izany i Kristy."— *Faith and Works, p. 118-119*

***Zoma 3 Jona*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Ahoana no hahafahantsika maneho fitiavana an' i Kristy eo amin' ny lafiny fampiharana?
2. Raoviana ihany vao mitondra soa ho an' ny hafa ny tenintsika?
3. Inona ny zavatra hafa entin' ny drafi-panavotana miaraka amin' ny famelana ny mpanota?
4. Inona no tsy maintsy ataontsika mba ahatonga antsika ho raisina ho zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra?
5. Inona no porofo matanjaka indrindra fa tsy miova ny lalàn' Andriamanitra? Satria nahoana?

# NY FITSANGANAN' I KRISTY TAMIN' NY MATY

**"Ary ampahafantariko anareo, ry rahalahy, ny filazantsara izay noentiko taminareo sy noraisainareo sady iorenanareo,… Fa natolotra anareo ho isan' ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia Izaho Kristy maty noho ny fahotantsika araky ny Soratra Masina, dia nalevina, ary natsangana tamin' ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina." (1 Korintiana 15: 1, 3, 4)**

"Ny fitsanganan' I Jesosy tamin' ny maty dia ohatra santionan' ny fitsaganan' ireo rehetra nodimandry tao Aminy any am-parany. Ny endriky ny Mpamonjy fony Izy nitsagana tamin' ny maty, ny fihetsiny, ny fiteniny, dia tsy vahiny tamin' ireo mpianany. Tahaka nitsanganan' I Jesosy tamin' ny maty, dia toy izany koa no hitsanganan' ireo izay nodimandry tao Aminy indray."— *Any am-parany any, p. 280*

***__Vakiteny atolotra hovakiana__*:** *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 779 – 794.*

*Alahady* *5 Jona*

**1. NORESAHAN' I KRISTY MIALOHA NY HITSANGANANY**

**a. Nanao ahona ny fomba niresahan' I Jesosy mialoha ny fahafatesany sy ny fitsanganany indray? Matio 20: 18-19**

**b. Inona no nataon' ireo mpitarika jiosy tamin' ny andro Sabata mba hanakanana ny fahatanterahan' ny tenin' i Kristy momba ny fitsanganany amin' ny maty? Matio 27: 62-66. Inona no lesona azontsika hianarana avy amin' ireo vehivavy izay nanomana zava-manitra ho an' i Kristy ? Lioka 23: 55 - 56**

"Nanome baiko mba hiambenana ny fasana ny mpisorona. Nisy vato lehibe napetraka teo am-baravarana. Nasiana tady teo amin' io vato io, izay nafatotra tsara tamin' ny vatolampy mafy ny lohany; Ary nasiana ny tombo-kasen' ny romana izany. Tsy azo esorina ny vato raha tsy vakiana ny tombo-kase. Napetraka manodidina ny fasana ny miaramila mpiambina miisa zato lahy mba hisakanana ny fitapitaka momba izany. Nanao izay rehetra azony natao ny mpisorona mba hitazonana ny fatin' I Kristy eo amin'izay nametrahana azy. Nohidiany ny tombo-kase tao am-pasana tahaka nijanonana ao mandrakizay Izy. "— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 838*

**2. NY ZAVA-NITRANGA TAMIN' NY FITSANGANAN' I KRISTY**

**a. Iza no nanangana an' i Jesosy araka ny tenin' ny Apostoly? Asan' ny Apostoly 2: 32; 13: 33. Iza no nirahin' ny Ray hiantso an' i Jesosy ho amin' ny fiainana indray raha ny tena marina? Matio 28: 1-3**

"Io mpitondra hafatra io dia ilay nitàna ny toerana nahalavoan' i Satana… Hitan' ireo miaramila izy nanakodia ny vato toy ny fanesorana vatokely ary reny izy niantso hoe: 'ry zanak' Andriamanitra, mivoaha; mianrso Anao ny Rainao. Hitan' izy ireo Jesosy nivoaka avy tao am-pasana reny Izy niteny avy teo amin' ilay fasana triatriatra hoe: 'Izaho no fananganana ny maty sy fianana.' Rehefa nivoaka nitafy fiandrianana sy Voninahitra Izy, dia niankohoka ambany dia ambany ny fatiky ny anjeky nankalaza ny Mpanavotra."— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 840*

**b. Inona no anjara notanterahan' ny Zanak' Andriamanitra tamin' ny fananganana ny Tenany tamin' ny maty? Jaona 2: 19 -22; 10: 17-18**

"Rehefa re ny feon' ilay anjely mahery teo amin' ny fasan' I Kristy manao hoe: ' Miantso anao ny Rainao', dia nivoaka ny fasana ny Mpamonjy noho ny Ainy izay efa tao aminy rahateo. Noporofoiny izao ny ny fahamarinan' ny teniny hoe:" Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray... Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray". Tanteraka izao ny faminaniana efa nolazainy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka hoe:" Ravao ity Tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray Izy". (Jaona 2:19)— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 843*

**c. Nanao ahoana ny fihetsik' ireo mpiambina romana sy ireo anjely ratsy niambina ny fasana rehefa hitan' izy ireo fa nitsangana tamin' ny maty Kristy? Matio 28: 4. Inona no nohamafisin' ny fitsanganan' i Kristy tao an-tsain' i Satana? Jaona 3: 16; Romana 2: 7; Apokalypsy 22: 14**

"Nahazo ireo mpiabina romana ny horohoro, aiza ankehitriny ny herin' izy ireo hiazona ny Tenan' i Kristy? Tsy nieritreritra ny andraikiny izy ireo na ireo mpianatra mety hangalatra an' i Kristy ka hitondra Azy. Raha vao nanelatselatra nanodidina ny fahazavan' ireo anjely, nihoatra lavitra noho ny masoandro, dia nahatsiaro toy ny maty teo amin' ny tany ilay mpiambina romana…

" Voatery tsy maintsy nitsoaka ilay fahazavana manavatsava avy amin' ireo anjelin' ny lanitra ireo anjelin' i Satana … Fantatr' i Satana fa tsy maintsy ho faty izy afak fotoana fohy ary hiverina Aminy ny fanjakana izay efa Azy. Nitaraina sy namelively mafy tamin' ny ezaka rehetra izy, na dia eo aza ny tsy faharesen' i Jesosy, fa nanokatra lalana ho amin' ny famonjena ny olombelona ka na iza na iza mizotra amin' izany lalana izany dia hovoavonjy." —*Early Writings, p.182*

**3. NITSANGANA HO AMIN' NY FIAINANA MANDRAKIZAY**

**a. Nanao ahoana no nanazavan' i Jesosy tamin' ireo mpianany fa nitsangana amin' ny maha olona ara-batana Azy Izy fa tsy ara-panahy tahaka ireo anjely? Lioka 24:36 -40. Rehefa nisalasala izy ireo dia inona no Nataony mba hanala izany fisalasalana izany? Lioka 24: 41-43**

**b. Ahoana no amariparitan' ny Baiboly ny fitsanganan' ny vatan' i Kristy? Filipiana 3: 21. Inona no maha samy hafa ny vatan' I Kristy nitsangana tamin' ny maty sy izao vatantsika mety maty izao? Romana 6: 9, 10; Hebreo 7: 16.**

**c. Inona no fitaovana nampiasain' i Satana mba hanimbana ny fiantraikan' izany fitsanganan' i Kristy izany? Nanao ahoana no nanatanterahana izany firaisana tsikombakomba izany? Matio 28: 11 - 15**

"Nangataka tamin' ireo mpanompony Satana mba ho an' ny amin' ireo lohan' ny mpisorona sy ny loholona. Izao no nolaizainy: 'Efa nandresy isika tamin' ny namitahantsika azy ireo, sy nananjambantsika ny masony, ary nanamafisantsika ny fony hanohitra an' I Jesosy. Efa nataontsika izay nahatonga azy ireo hino fa mpisandoka Izy. Ary ilay mpiambina romana dia nitondra vaovao ratsy fa nitsangana Kristy. Efa notarihantsika ireo mpisorona sy loholona mba hankala sy hamono an' I Jesosy. Lazao amin' izy ireo fa raha fantatry ny olona fa nitsangana Jesosy dia hotorahan' ny vahoaka vato izy ireo satria namono olona tsy meloka…

"Tapaka fa hokaramaina ireo miaramila mba hitazona izany tsiambaratelo izany. Nomen' ireo mpisorona sy loholona vola be izy ireo… Ary rehefa nanontany ireo mpiambina ny amin' izay hahazo azy ireo noho ny fahatoriany tao anatin' ny asany dia nanome toky ireo mpitarika jiosy fa handresy lahatra ny governora mba hiaro azy ireo. Noho ny fitiavam-bola, dia namidin' ireo mpiambina romana ny voninahiny, ka nanaiky nanaraka ny torohevitr' ireo loholona sy mpisorona izy ireo. "—*Early Writings, p. 183-184*

"Nisy tatitra diso noho izany nomena ireo miaramila… Eto, dia voafatotry ny tenany ireo mpisorona. Ahoana moa no ilazan' ireo miaramila fa nangalaran' ireo mpianatra ny faty rehefa natory izy ireo? Raha to aka natory izy ireo, ahoana no ahalalan' izy ireo izany? Ary raha toa ka voaporofo ny fangalaran' ireo mpianatra ny fatin' I Kristy, tsy ireo mpisorona ve no tokony hanameloka azy ireo voalohany? Na koa hoe, raha natory teo amin' ny fasana ireo mpiambina, tsy tokony ireo mpisorona ve no hanameloka azy ireo voalohany eo amin' i Pilato? "—*The Desire of Ages, p. 781-782*

## 4. NY VALISOAN' NY FANDRESEN' I KRISTY

**a. Inona no fepetra noraisin' Andriamanitra mialoha mba handravana ny sarona izay efa novolavolain' i Satana? Matio 27: 50- 53**

"Rehefa nihantona teo amin' ny hazo fijaliana Jesosy ka niantso mafy hoe: 'vita!', dia nisaraka ny vatolampy, nihovitrovitra ny tany, ary nisy fasana sasany nosokafana. Rehefa nitsangana nandresy ny fahafatesana sy ny fasana Izy… dia maro tamin' ireo olo-marina efa maty, nankatoa ny Antsony, no nitsangana ihany koa mba hanaporofo fa efa nitsangana Izy. Ireo olomasina nankasitrahana ireo dia nitsangana tamim-bononahitra; izy ireo no voafidy sy olomasin' ny vanim-potoana nifandimby, nanomboka tamin' ny famoronana, eny hatramin' ny andron' i Kristy. Noho izany, na dia nitady izay hanafenana sy hanaronana ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty aza ireo mpitarika jiosy, dia nifidy andian' olona avy ao am-pasana Andriamanitra mba hanaporofo fa nitsangana Jesosy ary mba haneho ny Voninahiny….."

"Niseho tamin' ny olona maro ireo nitsangana taorian' ny fitsanganan' i Jesosy ireo, ary niresaka tamin' izy ireo fa vita ny sorona ho an' ny olombelona, ary Jesosy, izay nohombohan' ny jiosy, dia efa nitsangana tamin' ny maty; ary porofon' ny teny nolazain' izy ireo dia hoy izy ireo hoe: 'nitsangana niaraka Taminy izahay!' Nijoro vavolombelona izy ireo fa ny Heriny tsy manam-petra no niantso azy ireo avy tao am-pasana."—*Early Writings, p.184*

**b. Inona ny faminaniana tao amin' ny Testamenta taloha tamin' ny nananganan' i Kristy an' ireo maty ireo tamin' ny Fitsanganany? Isaia 26: 19. Inona maha samy hafa an' ireo olomasina Natsanagany ireo tamin' ireo natsangany talohan' ny Nahafatesany? Jaona 11: 43, 44; Lioka 7: 11- 15**

"Rehefa nanangana ny maty Jesosy nandritra ny fotoana nanompoany. Nanangana ny zanak' ilay mpitondra tena tao Naina Izy, sy ny zanakavavin' ilay mpanapaka ary i Lazarosy. Tsy notafiany tsy fahafatesana anefa ireo. Rehefa natsangana izy dia mbola tao ambanin' ny herin' ny fahafatesana ihany. Ireo izay nivoaka ny fasana tamin' ny nitsanganan' I Kristy kosa, dia nitsangana ho amin' ny fianana mandrakizay. Naira- miakatra tamin'ny Izy toy ny mari-pandresena azony tamin' ny nandreseny ny fahafatesana sy ny fasana. Tsy babon' I Satana intsoy ireo hoy I Kristy, nanavotra azy Aho. Nitondra azy avy ao am-pasana Aho ho voaloham-bokatry ny heriko, hiaraka Amiko any amin' izay itoerako izy, ary tsy hahita intsony fahafatesana na hanandrana ny fahoriana."— *Ilay Fitiavana Mandresy, p.845*

**5. NY HEVITRY NY FITSANGANAN' I KRISTY TAMIN' NY MATY**

**a. Inona no fanantena' ny mpino lasa azo antoka tsara noho ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty? 1 Korintiana 15: 20 -23; Jaona 6: 40; 1 Tesaloniana 4: 14-17**

**b. Karazana vatana manao ahoana moa no hananan' ireo kristiana rehefa hitsangana izy ireo, ary nahoana no ilaina ny fanovana ho amin' ny tsi-fahafatesana? 1 Korintiana 15: 50-53**

"Ny vatan' ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty, ny fihetsiny rehetra, ny feony, dia tsy vahiny fa fantatr' ireo mpanaraka Azy. Dia ho tahaka izany koa no hitsanganan' ireo izay maty ao amin' i Kristy. Ho fantatsika tahaka ny nahafantaran' ireo mpianatra an' i Jesosy ireo namantsika. Na dia mety ho niova endrika, nolozorin' ny aretina sy novain' ity fiainana misy fahafatesana ity aza izy ireo, dia mbola ho voatahiry tsara ny maha-izy azy ireo amin' ny fitsanganan' ny maty amim-boninahitra; ary ho fantatsika ny soritr' endrik' ireo tiantsika ireo amin' ny endrika mamirapirapiratra tarafin' ny fahazavana avy amin' ny tavan' i Jesosy."— *The Faith I Live By, p. 180*

**c. Inona ny seremonia tandindon' ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty ao amin' ny Testamenta taloha? Levitikiosy 23: 10-12; 1 Korintiana 15: 20**

"Nitsangana tamin' ny maty Kristy ho voaloham-bokatra eo amin' ireo izay matory. Izy no asehon' ny saholim-bary nehevaheva tao amin' ny tempoly, ary tamin' ny andro indrindra nitondrana ny saloham-bary teo anatrehan' ny Tompo no nitsanganany tamin' ny maty…. Ohatra ny antoky ny fitsangan' ny olo-marina rehetra maty no nitsanganany tamin' ny maty. — *Ilay Fitiavana Mandresy, p.844*

***Zoma 10 Jona*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Fa naninona no niditra lalina mihitsy ireo mpitarika jiosy niaro ny fatin' i Jesosy?
2. Iza no nanangana ny Vatan' i Jesosy raha ny tena marina?
3. Inona no amafisin' ny fitsanganan' i Jesosy tamin' ny maty momba ny ho avin' i Satana?
4. Inona ny zavatra manokana amin' ireo naira-nitsangana tamin' i Jesosy ireo?
5. Inona ilay hoe "nofo aman-drà" tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra?

# NY FIAKARAN' I KRISTY TANY AN-DANITRA

**"Ary Jesosy nitondra azy hatrany Betania, dia nanandratra ny tànany ka nitso-drano azy. Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakariny ho any an-danitra." (Lioka 24: 50, 51)**

"Ilay Jesosy Izay hitanan' izy ireo niakatra ho any an-danitra iny indrindra no ho avy indray tahaka ny fomba niakarany. Io teny fampanantenana io no fanantenana sy fifalian' ireo tena tia marina an' i Jesosy hatramin' izay sy mandrapaha-tapitry ny fotoana."*The Spirit of Prophecy, vol.3, p.254*

***Vakiteny atolotra hovakiana***: *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 889 – 895.*

*Alahady* *12 Jona*

1. **FAMANGIANA HAINGANA NAKANY AMIN' NY RAY**

a. **Inona no nolazain' i Jesosy tamin' i Maria Magdalena rehefa nahafantatra Azy voalohany taorian' ny fitsanganany izy? Jaona 20: 14-17**

b. **Raha dinihana io valinteniny tamin' i Maria io, inona no azontsika hiheverana fa niakatra tany an-danitra Jesosy avy eo tamin' iny Alahady maraina iny ary niverina tamin' iny andro iny ihany? Jaona 20: 19-27; Matio 28: 18**

" Nolavin' I Jesosy ny handray fanajana avy amin' ny vahoakany raha tsy efa azony antoka fa neken' ny Ray ny sorona nataony. Niakatra ho an' ny amin' ny lapan' ny lanitra Izy, ary avy tamin' Andriamanitra mihitsy no nandrenesany ny antoka, fa ampy ny fanavotana nataony ho an' ny fahotan' ny olombelona; fa met mahazo ny fiainana mandrakizay ny olona rehetra amin' ny alalan' ny Ràny. Neken' ny Ray ny fanekena nataony tamin' I Kristy, fa handray ny olona mibebaka sy mankatoa Izy, ka ho tia azy, eny, tahaka ny itiavany ny Zanany aza. Hameno ny asany Kristy, ka hanantanteraka ny nampanantenainy, dia hahatonga ny olona ho "ho saro-tadiavaina mihoatra noho ny volamena tsara, eny, noho ny tena volamena avy any Ofira aza." Isaia 13: 12. Nomena ny Andrianan' ny Fiainana ny hery rehetra any an-danitra sy ety an-tany; ary niverina teo amin' ny mpanaraka Azy Izy eo amin' izao tontolo izao feno fahotana, mba hahazoany mizara aminy ny heriny sy voninahiny.— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 850*

**2. ANDRON' I KRISTY FARANY TETO AN-TANY**

**a. Hafiriana moa no nijanonan' i Jesosy teto an-tany taorin' ny nitsanganany ary inona no zavatra sasantsasany nataony niaraka tamin' ireo mpanaraka Azy nandritra izany fotoana izany? Asan' ny Apostoly 1:1-3; Lioka 24: 45, 46**

"Efapolo andro no nijanonan' i Kristy teto an-tany, nanomana ny mpianatra ho amin' ny asa manoloana azy sy nanazava taminy izay tsy nety ho azony hatramin' izao. Nilaza ny amin' ny faminaniana mikasika ny fiaviany Izy, sy ny nandavan' ny jiosy Azy ary ny nahafatesany, ka nasehony azy fa tanteraka avokoa ny antsipirian' ireo faminaniana ireo. Nambarany taminy fa tokony ho noraisiny io fahatantanterahan' ny faminaniana io ho toy ny fahatokiana ny hery izay hanomba azy amin' ny asany ho avy….

"Nandritra ireo andro nolanian' I Kristy niaraka tamin' ny mpianany, dia nahazo fanadramana vaovao izy ireo. Tafatoetra tanteraka ny finoan' ny Tompo malalany raha nandre Azy nanazava ny Soratra Masina teo amin' ny fahazavan' izay rehetra nitranaga Izy." . — *Vavolombelona Mahery, p .26-*

**b. Talohan' ny niakarany tany an-danitra, dia inona no iraka nampanaoviny an' ireo mpianatra, ary manao ahoana ny haben' izany asa izany? Marka 16: 15; Matio 28: 19-20. Taiza no tsy maintsy nanombohana izany asa izany ary inona no antony? Asan' ny Apostoly 1:8**

"Talohan' ny niakarany tany an-danitra, dia napetraky Kristy tamin' ny mpianany ny asa naniraha Azy... Vavolombelon' ny fiainako natao sorona ho an' izao tontolo izao hianareo, hoy Izy taminy. Hitanareo ny asa nataoko ho an' ny Isiraely. Ary na tsy hanatona Ahy aza ny oloko … na dia nandà Ahy aza izy, dia mbola hisy ihany fotoana hafa mety ahazoany manaiky ny Zanak' Andriamanitra. Hitanareo fa izay rehetra manantona Ahy ka miaiky ny helony, dia raisiko malalaka. Izay manantona Ahy tsy mba ho valiko mihitsy. Ianareo mpianatro no hanakinako io hafatr' io famindrampo io. Homena ny jiosy sy ny jentilisa izany, ho an' Isiraely aloha vao ho an' ny firenena rehetra sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra. — *Vavolombelona Mahery, p .27*

"Tao Jerosalema dia nisy olona maro nino nangingina fa Jesosy avy any Nazareta no Mesia, ary nisy maro izay voafitaky ny mpisorona sy ny mpanapaka. Amin' ireo farany ireo no tsy maintsy hotoriana ny filazantsara. Antsoina ho amin' ny fibebahana izy ireo. Atao mazava ny fahamarinana mahagaga milaza fa amin' ny alalan' I Kristy ihany no ahazoana famelana ny fahotana. Ary izao raha mbola voahetsiketsik' ireo toe-javatra mampangitakitaka tamin' ireo andro vitsy lasa ireo Jerosalema manontolo, no ho latsaka lalina indrindra ao am-po ny torinteny ataon' ny mpianatra."— *Vavolombelona Mahery, p. 30-31*

**3. NIAKATRA ANY AN-DANITRA FANINDROANY I KRISTY**

**a. Taiza no toerana manokana tao Betania nofidian' i Jesosy ho toerana hiakarany any an-danitra? Lioka 24:50, 51. Inona ny fanandramana hafa hahatsiarovan' i Kristy an' io toerana io?**

"Ny toerana nofidian' I Jesosy ho toerana hiankariany, dia ilay nohamasin' ny fanatrehany matetika raha niaina teo anivon' ny olona Izy... Voatokana ho amin' ny fivavahany sy ny ranomasony ny hazo sy ny lohasaha madinika teo amin' ny tendrombohitra. Nampanakoako ny antsom-pandresen' ireo vahoaka marobe nihoby Azy ho Mpanjaka nitehezana mitsatoka tamin' izany tendrombohitra izany. Raha nidina moramora Izy, dia nahita tokantrano tao amin' i Lazarosy tany Betania. Nivavaka sy niady nihatra aman' aina samy irery Izy tao amin' ny sahan' ny Getsemane, teo am-pototr' izany tendrombohitra izany. Avy eo amin' io tendrombohitra io no niakarany ho any an-danitra. "*— Ilay Fitiavana Mandresy, p. 890*

**b. Inona no nataon' ireo anjely mba hampahery an' ireo mpianatra tamin' ny fiakaran' i Jesosy? Asan' ny Apostoly 1: 9-11**

*"*Ny tranga tena sarobidy indrindra tamin' ireo mpianatra tamin' ny fiakaran' i Jesosy dia ny nahita an' i Jesosy niala teo amin' izy ireo ho any an-danitra tamin' ny endriny tsy miova dia ilay Mpampianatra masina. I Jesosy tsy niova mihitsy, dia Ilay Jesosy Izay niara-nandeha, niresaka ary niara-nivavaka tamin' izy ireo; Ilay niara-namaky mofo tamin' izy ireo; ilay niaraka tamin' izy ireo tao anaty sambokely teo amin' ny farihy; Ilay nitady fialan-tsasatra niaraka tamin' izy ireo teny ambany hazo; *sy* Ilay niara-niaritra tamin' izy ireo ny fiakarana hananika ny tendrombohitr' Oliva, no niakatra any tan-danitra amin' ny endrika maha-olombelona Azy.*"— The Spirit Of Prophecy, vol. 3, p. 254*

**c. Fa nahoana no tombony ho an' i Jesosy ny fiakarany any an-danitra no ? Jaona 16: 7; 14: 16, 26**

"Solotenan' I Kristy ny Fanahy Masina, nefa tsy mitafy ny endriky ny maha-olombelona, ary noho izany, tsy miankina aminy voasembatsemban' ny maha-olombelona Kristy, ka tsy afaka ho eo amin' ny toerana rehetra ny tenany. Noho izany, dia tombotsoa ho Azy ireo ny handehanany ho any amin' ny Ray, ka handefasany ny Fanahy Masina ho mpadimby Azy eto an-tany. Amin' izay dia tsy hisy hahazo tombotsoa noho ny toerana misy azy na noho ny fifandraisany manokana amin' i Kristy. Azon' ny rehetra atonina ny Mpamonjy amin' ny alalan' ny Fanahy. Amin' io lafiny io dia ho akaiky azy kokoa Izy noho ny raha tsy niakatra ho any an-danitra.*"— Ilay Fitiavana Mandresy, p.722*

## 4. FIDIRANA AM-BONINAHITRA AO AMIN' ILAY TANANAN' ANDRIAMANITRA

**a. Iza koa no naira-niakatra tamin' i Kristy tany an-danitra? Ary inona ny fandraisana azon' izy ireo talohan' ny nidirany tao amin' ny tanànan' Andriamanitra? Matio 27: 52-53; Efesiana 4: 8; Salamo 24: 7-10**

"Rehefa niakatra ny Mpamonjy dia Izy no nitarika ny lalana, ary nanaraka azy ireo babo maro be izay natsangany tamin' ny maty tamin' ny fotoana nivoahany ny fasana. Ireo tafiky ny lanitra, miaraka amin' ny hiram-pifaliana sy fandresena no nanaraka Azy niakatra."— *The Signs of the Times, October 31, 1895*

"Dia nivoha nidanadana ny varavaran' ny tanàna' Andriamanitra, ary niditra haingana tao amin' ny vavahady ny anjely marobe raha nanakoako ny feon-java--maneno mampietanentana…

" Mivory ao ireo mpitarika ny tafiky ny anjely, ireo zanak' Andriamanitra, ireo solo-tena' izao tontolo izao tsy mba nanota. Ny filan-kevitry ny lanitra izay nanamelohan' I Losifera an' Andriamanitra sy ny Zanany teo anatrehany, ireo solotenan' ny fanjakana tsy misy fahotana noheverin' I Satana fa hanorenany ny fanapahany,- ao ireo rehetra ireo miarahaba ny Mpanavotra tonga soa. Mafana fo ireo hankalaza ny fandresena azony sy hanome voninahitra Azy."— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 894*

**b. Inona no zavatra nangatahan' i Kristy ho an' ny mpianany ary inona no nambaran' ny Ray mikasika azy ireo? Jaona 17: 24; Efesiana 1: 6**

"Talohan' ny nanorenana an ' izao tontolo izao, dia efa niray hina ny Ray sy ny Zanaka ... Nifandray tanana tamin' ny fanekena tsy azo ovàna izy fa ho tonga antoka ho an' ny taranak' olombelona Kristy. Tsy nitsoaka tamin' ny Teniny Kristy…. Feno tanteraka ny fanekena. Hoy Izy izao hoe 'VITA', Ray ô, tanterako ny asan' ny fanavotana. Raha afa- po ny fahamarinanao, dia ' Tiako mba ho any Amiko amin' izay hitoerakao ireo izay nomenao Ahy."(Jaona 19: 30; 17: 24)….

"Re ny feon' Andriamanitra manambara fa afa-po ny fahamarinana. Resy Satana. Ekena ao amin' ilay Malala ireo an' I Kristy izay miasa mafy sy mitolona eto an-tany"( Efesiana 1: 16). Lazaina fa nohamarinina ireo eo antrehan' ny anjelin' ny lanitra sy ireo mpisolo-tena' izao tontolo izao tsy mba lavo. Fihinin' ny Ray ny Zanany ary hoy ny Teniny hoe : 'Aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra hiakkohoka eo Anoloany' (Hebreo 1: 6) ."— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 894*

5. **NY FANOMEZANA SATROBONINAHITRA AN' I KRISTY**

a. **Inona no teny nentin' ireo anjelin' ny lanitra nidera an' i Jesosy? Apokalypsy 5: 12**

"Fifaliana tsy hay ambara no entin' ny mpanapaka sy ny fahefana ary ny hery rehetra manaiky ny fahefana fara-tampony ananan' ny Andrianan'ny fiainana. Miankohoka eo anatrehany ny tafiky ny anjely, raha mameno ny lapan' ny lanitra manontolo ny antsoantsom-pifaliana manao hoe: 'ny Zanak' ondry izay novonoina dia mendrika handray ny hery sy fahendrena!"— *Ilay Fitiavana Mandresy, p. 895*

b. **Inona ny seremonia natao tamin' i Kristy, ary inona no teny fikasana nampanantenainy ny mpianatra ka tanteraka raha vantany vao vita izany fomba izany? Jaona 16: 7-13; Asan' ny Apostoly 1:8 ; 2: 1-4**

"Ny niakaran' i Kristy tany an-danitra no famantarana fa handray ny fitahiana nampanantenaina ny mpanaraka Azy. Tokony hiandry an' izany izy alohan' ny hidirany amin' ny asany. Rehefa niditra tao amin' ny varavaran' ny lanitra Kristy, dia napetraka teo amin' ny seza fiandrianana teo afovoan' ny anjely nankalaza Azy Izy. Raha vantany vao vita io lanonana io, dia nidina tamin' ny mpianatra toy ny riaka sarobidy ny Manahy Masina, ka nomem-boninahitra marina tokoa Kristy, dia tamin' ny voninahitra niarahany nanana tamin' ny Ray hatramin' izay mandrakizay alaovalo. Ny firotsahan' ny Fanahy Masina tamin' ny Pentekosta no filazan' ny lanitra fa vita ny lanonana nandraisan' ny Mpanavotra ny asany. Araka ny teny fikasana nataony, dia nalefany ny Fanahy Masina avy tany an-danitra ho an' ny mpanaraka Azy, ho famantarana fa noraisiny ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany amin' ny maha-Mpisoronabe sy Mpanjaka Azy, ary Izy no Ilay voahosotra eo amin' ny vahoakany."

— *Vavolombelona Mahery, p. 36*

***Zoma 17 Jona*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Ahoana no nahafahan' i Jesosy nanamarina raha toa ka neken' ny Ray ny sorona ho an' ny fahotana nataony?
2. Ahoana no ahafahantsika mijoro vavolombelona ho an' i Kristy tahaka ireo mpianatra amin' ny fitoriana ny filazantsara?
3. Inona ny fitahiana manokana entin' Ilay Mpampahery ho an' ny taranak' olombelona rehetra?
4. Iza no nanatrika ilay seremonia fanolorana an' i Jesosy?
5. Nandritra ilay fametrahana sy fanolorana an' i Jesosy tany an-danitra dia inona no toerana nametrahana Azy?

# NY ASA FISORONANA ATAON' I KRISTY

**"Ary amin' izany zavatra lazainay izany dia izao no fotoany. Manana Mpisoronabe toy izany isika, dia Ilay efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' Avo Indrindra any an-danitra, Mpanao fanompoam- pivavahana ao amin' ny fitoerana masina sy ny tena tabernakely, izay naorin' ny Tompo, fa tsy olona." (Hebreo 8: 1, 2)**

"Zava- dehibe eo amin' ny drafitry ny fanavotana tahaka ny nahafatesan' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana ny fifonana ataony ho an' ny olombelona any amin' ny Fitoerana Masina any ambony."- *Hery Mifanandrina, p. 505*

***<u>Vakiteny atolotra hovakiana</u>:*** *Hery Mifanandrina, p. 423 - 437*

*Alahady* *19 Jona*

1. **MPISORONA ARAKA NY FANAON' I MELKIZEDEKA**

a. **Karazana asam-pisoronana manao ahoana no nametrahana an' i Kristy amin' ny maha-mpisorona sy mpanjaka Azy? Hebreo 6: 20. Inona no voasoratra momba an' i Melkizedeka? Hebreo 7: 1- 4; 14: 18-20**

"Kristy no niresaka tamin' ny alalan' i Melkizedeka, Ilay Mpisoron' ny Avo Indrindra. Tsy i Kristy akory Melkizedeka, fa Feon' Andriamanitra teo amin' izao tontolo izao izy, solontenan' ny Ray."- *Selected Messages, bk. 1, p. 409*

b. **Rehefa voapetraka ho mpisorona araka ny fanaon' i Melkizedeka i Kristy, dia tabernakely aiza no nidirany hanaovany ny Asany? Hebreo 8: 1-2. Inona no nitranga tamin' ilay tabernakely teto an-tany sy ny asa fanompoana fanao tao? Matio 27: 50 – 51**

"Ny fahatriaran' ny lamba nanasaraka ny tempoly dia nampiseho fa tsy ho raisina intsony ny sorona sy ny fombam-pivavahana fanaon' ny jiosy. Efa natolotra sy nekena Ilay Sorona lehibe, ary nirotsaka tamin' ny andro Pentekosta ny Fanahy Masina izay nitondra ny sain' ny mpianatra hiala tamin' ilay tabernakely teto an-tany fa hitodika amin' ilay any an-danitra, izay nidiran' i Jesosy tamin' ny alalan' ny Ràny, mba hanome ireo mpianany ny tombotsoan' ny Fanelanelanana Ataony… Naka ny toeran' ilay tabernakely teto an-tany ilay any an-danitra."—*Early Writings, p. 259 - 260*

**2. EO ANATRAHAN' ANDRIAMANITRA**

**a. Amin' ny maha-Mpisoronabentsika Azy dia inona ny iray amin' ny asan' i Kristy? 1 Timoty 2: 5. Mba ahafahany manao ny asan' ny mpanelanelana dia aiza no tsy maintsy misy an' i Jesosy? Hebreo 8: 1; Kolosiana 3: 1**

**b. Taiza no nisy ny seza fiandrianan' Andriamanitra rehefa hitan' i Jaona tao amin' ny fahotany i Kristy manao ny asa ho an' ny vahoakany taorian' ny fiakarany? Apokalypsy 4: 2, 5; 8: 3-4.**

"Ireo efitra masina ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra dia asehon' ireo efitra roa tap amin' ny fitoerana masina teto an-tany. Raha nasehon' ny Apostoly Jaona tamin' ny fahitana ny Tempolin' Andriamanitra any an-danitra dia hitany tao ny ' Jiro fito nirehitra teo anoloan' ny seza fiandrianana'. Nahita anjely izy "nitondra lovia volamena fandoroana didin-kazo manitra; ary nomena didin-kazo manitra betsaka izy, hanaterany azy mbamin' ny vavaky ny olona masina rehetra eo ambin' ny alitara fandoroana didin-kazo manitra, izay eo anoloan' ny seza fiandrianana'. Teo ny mpaminany dia navela hibanjina ny efitra voalohany ao amin' ny fitoerana masina any an-danitra, ary hitany tao ny 'Jiro fito nirehitra' sy ny ' alitara volamena' izay nasehon' ny fanaovan-jiro volamena sy ny fandoroana ny didin-kazo manitra tao amin' ny fitoerana masina teto an-tany."— *Hery Mifanandrina, p. 428*

**c. Ahoana no hiombonan' i Paoly hevitra amin' i Jaona ny amin' ny fahitany ny nidiran' i Jesosy niaraka tamin' ny Ràny tao amin' ny efitra voalohany antsoina hoe efitra masina amin' ilay tabernakely any an-danitra? Hebreo 9: 8; 11 – 12**

**d. Ahoana no ahafantarantsika fa ilay kalesin' ny seza fiandranan' Andriamanitra dia tsy miraikitra mandrakariva eo amin' ny fiaran' ny fanekena any amin' ny efitra masina indrindra fa afaka mifindra toerana? Ezekiela 1: 15 -17, 24 -26**

"Hitako ny Ray nitsangana niala teo amin' ny seza fiandrianany, ary niaraka tamin' ilay kalesy afo dia niditra ao amin' ny masina indrindra ambadiky ny efitra lamba ka nipetraka. Dia nitsangana avy teo amin' ny seza fiandrianana ihany koa Jesosy avy eo, ary ny ankamaroan' ireo nandohalika teo dia nitsangana niaraka Taminy."*-Early Writing, p. 55*

**3. "AO ANATIN' NY EFITRA LAMBA"**

**a. Inona no teny hafa ampiasain' ny Soratra Masina hanehoana ny efitra voalohany amin' ny tabernakely any an-danitra izay nidiran' i Kristy tamin' ny niakarany? Hebreo 6: 18 -20; Nomery 4: 25- 26**

"Ny fanompoam-pivavahana nataon' ny mpisorona nandavan-taona tao amin' ny efitra voalohany, 'Tao anatin' ny efitra lamba' izay natao varavarana nampisaraka ny fitoerana masina sy ny kianja ivelany dia mampiseho ny asa fanompoana nidira' I Kristy tamin' Izy niakatra ho any an-danitra...Dia toy izany no nanaovan' I Kristy fifonana tamin' ny rány eo anatrehan' ny Ray ho an' ny mpanota sy nitondrany koa teo amin' ny vavaky ny mpino mibebaka niarakatamin' ny fofo-manitra sarobidin' ny fahamarinan' ny tenany. Toy izany ny asa fanompoam-pivavahana natao tao amin' ny e fitra voalohany tamin' ny fitoerana masina tany an-danitra. "— *Hery Mifanandrina, p. 434*

**b. Raha avy ao amin' ny fitoerana masina hiditra ao "anatin' ny efitra lamba" izay nisy ny fiara ny mpisorona, dia efitra lamba inona no tiany lazaina, ary efitra inona no dikan' ny hoe "anatin' ny efitra lamba" resahana? Hebreo 9:3; Eksodosy 26: 31-33; Levitikiosy 16: 2, 15.**

"Indray mandeha isan-taona, amin' ny Andro Fanavotana lehibe… dia nisy osilahy roa nentina teo ambaravaran' ny tabernakely, ary nanaovana filokana izy ireo, … (Levitikosy 16: 8). Ny osilahy izay niharan' ny filokana ho an' i Jehovah dia novonoina ho fanatitra noho ny ota ho an' ny vahoaka. Dia nentin' ny mpisorona tao anaty efitra lamb any rány ka nafafiny amin' ny rakotra fanaovam-panavotana sy eo anoloan' ny rakotra fanaovam-panavotana ."— *Hery Mifanandrina,*

**c. Ahoana no ampiasan' ny tsindrimandry ny teny hoe "anatin' ny efitra lamba" mba hiresahana ny tabernakely iray manontolo fa tsy mampiseho manokana ny efitra voalohany na faharoa? Nomery 18: 5, 7.(Naoty: alitara sy fitoerana masina eo amin' ny andininy faha-5 dia mitovy amin' ny "alitara" sy "anatin' ny efitra lamba" eo amin' ny andininy faha-7)**

"Ireo izay hametaka ny fiadian' Andriamanitra rehetra ka manokam-potoana isan' andro ho amin' ny fandinihan-tena sy vavaka ary fianarana ny Soratra Masina dia hifandray tsy tapaka amin' ny lanitra ka hanana hery miasa mangiana izay hanova sy hamonjy ireo manodidina azy… Ny vavaka amim-pahitsiana ataon' izy ireo dia ho tafapaka hatrany anatin' ny efitra lamba."— *Testimonies, vol. 5, p. 112- 113*

## 4. MANORATRA NY LALÀNA AO AM-PO

**a. Amin' ny maha Mpisorona Azy ao amin' ilay tabernakely any an-danitra, dia eo ambany "fanekena" inona moa no hiasan' i Kristy amin' ny maha Mpanalalana antsika Azy? Hebreo 8: 6; 9: 11**

"[Hebreo 8:1-2]. Aseho eto ny fitoerana masin' ny fanekena vaovao. Ny fitoerana masin' ny fanekena voalohany dia natsangan' olona, naorin' I Mosesy; ity kosa dia Jehovah no nanagana azy fa tsy olona. Tao amin' ilay fitoerana masina tandindona di any mpisorona teto an-tanty no nanao ny fnompoana; ao amin' ilay tena izy kosa, dia Kristy, Ilay Mpisoronabentsika no manao fanompoana eo an-tananana ankavanan' Andriamanitra. Ny fitoerana masina iray teto an-tany; fa ny iray kosa any an-danitra. "— *Hery Mifanandrina, p. 427*

**b. Inona ny fikasan' Andriamanitra tsy maintsy tanterahan' ny asan' i Kristy ao am-pon' ireo izay manatona eo ambany fanekena vaovao? Hebreo 8: 8 – 11. Inona no hevitr' izany hoe manana lalàna voasoratra ao am-po izany? Romana 2: 14-15; Titosy 2: 14**

"Ireo manana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra am-pony dia hankatoa Azy toy izay ny olona, ary tsy ho ela dia tsy hankatoa ny olona rehetra toy izay handika na dia ny kely indrindra amin' ny didin' Andriamanitra aza."— *Testimonies, vol .1, p. 361.*

"Rehefa voasoratra ao am-po ny lalàn' Andriamanitra dia hiseho e oamin' ny fiainana madio sy masina izany… Ireo rehetra tia an' i Jesosy ka mitandrina ny didy hiala amin' izay mety ho endrika ratsy rehetra… Tsy hahatsapa ho mahavita tena izy ireo, fa amin' Andriamanitra no hipetrahan' ny fahatokiany, Izay hany tokana afaka miaro azy ireo amin' ny ota sy ny fahalotoana."— *The Review and Herald, May 17, 1887.*

**c. Toetran' ny fiangonana manao ahoana no tsy maintsy hitondran' i Kristy azy rehefa hifarana noho ny Fahasoavany ilay fifanandrinana lehibe eo Aminy sy Satana? Efesiana 4: 11- 14; 5: 25 - 27**

"Na dia tamin' ny fisainana aza dia tsy nahatondra ny Mpamonjitsika hilefitra teo amin' ny herin' ny fakam-panahy… Tsy afak nahita na inona na inona teo amin' ny Zanak' Andriamanitra izay nahafahany nandresy i Satana. Nitandrina ny didin' ny Rainy Izy, ary tsy nisy ota nahazoan' i Satana tombony teo Aminy. Izany no fepetra takiana amin' ireo izay ho hita tafajoro amin' ny andro fahoriana."— *Great Controversy, p. 623*

5. **MANAO ASA FAMELAN-KELOKA HO AN' NY VAHOAKANY**

a. **Iza no mangataka eo anatrehan' Andriamanitra ho antsika? Ary inona no fandresen-dahatra Ampiasainy mba hahazoana antokaa ny famelana ny helotsika? Hebreo 9: 11-15, 22; 7: 25.**

"Manana Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty isika, izay niakatra any amin' ny avo, ka velona mandrakizay hanao fifonana ho antsika…. Eo anatrehan' ny Ray no hanehoany ny Ràny mba ho famelàna ny helotsika."— *The Review and Herald, September 21, 1886.*

b. **Inona fampaherezana omena an' ireo kivy noho ny fahotany sy ny kileman-toetrany? 1 Jaona 1: 9; 2:1, 2; Hebreo 12: 2-3**

"Minoa fa tia anao Jesosy, ary ankatoavy amin' ny ezaka rehetra ny fahamarinana, ka raha sendra lavo, dia aza mihevitra fa tsy maintsy hanahy andro aman' alina ianao ka hiala amin' ny fahatokianao an' Andriamanitra ka hihevita fa fahavalonao Izy… Tsy afaka manadio ny tenanao samy irery amin' ireo fahalotaoana ianao. Ento eo amin' i Jesosy ny enta-maveesatrao rehetra. Hanampy anao Izy. Ekeny ianao; tsy hoe miandry sy mitaky ireo asa tsara vitanao Izy vao manao fifonana noho ny fahotana  sy manamarina anao. Matokia ny fahamendrehan' ny Ràn' Ilay Mpamonjy maty sy nitsanga-ko velona."— *The Upward Look, p. 376*

"Ilaintsika ny mandohalika matetika sy mitomany eo an-tongotr' i Jesosy noho ny tsy fahatanterahana sy ny fahadisontsika; fa tsy tokony ho kivy anefa isika. Na dia resin' ilay fahavalo aza isika, dia tsy ariana any ivelany akory, tsy mbola nilaozana na nolavin' Andriamanitra. Tsia ; eo an-tana-kavanan' Andriamanitra i Kristy manao fifonana ho antsika ihany koa."— *Reflecting Christ, p. 123*

***Zoma 24 Jona*** ***FAMERENANA HO AN'NY TENA MANOKANA***

1. Inona hevity ny faharovitan' ilay efitra lamba tao amin' ny tempoly tamin' ny fahafatesan' i Jesosy teo amin' ny hazo fijaliana?
2. Ahoana no ahafantarantsika fa ny efitra anankiroa ao amin' ny tabernakelin' ny lanitra dia mitovy amin' ilay tety an-tany?
3. Inona avy ireo anarana anankitelo azo iantsoana ny "anatin' ny efitra lamba" araka ny ampiasain' ny Tsindrimandry?
4. Inona ny dikan' ny hoe manana ny lalàn' Andriamanitra voasoratra ao am-po?
5. Inona no fampaherezana omena ireo mambran' ny fiangonan' i Kristy izay tafalatsaka ao amin' ny fahadisoana?